



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



ASSEMBLEE NATIONALE

ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

## **FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-151.II

**FAMETRAHAM-PANONTANIANA NATAON'NY  
SOLOMBAVAMBAHOAKA SY VALINY AVY AMIN'NY  
MAMBRAN'NY GOVERNEMANTA**

Fivoriana Faha-32  
Natao ny  
Zoma 2 Jolay 2021  
- Maraina -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao

**FOTOANA:** Zoma 2 Jolay 2021, tamin'ny 10 ora sy 10 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fametraham-panontaniana nataon'ny Solombavambahoaka sy valiny avy amin'ny mambran'ny Governemanta.

Nitohy ny Zoma 2 Jolay 2021, tamin'ny 10 ora sy 10 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, niangavy ny mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao.

Taorian'izay, nampahatsiahy Ramatoa Filoha, fa mandeha mivantana amin'ny «facebook» izao fivoriana atao izao.

Nambarany koa fa nozaraina roa ny fametrahan'ny Solombavambahoaka fanontaniana. Mandritry ny fihaonana voalohany, hiarahana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, ny laharana voalohany ka hatramin'ny laharana faha-75 no mametraka fanontaniana. Amin'ny fihaonana faharoa kosa no mametraka fanontaniana ny laharana faha-76 ka hatramin'ny laharana faha-151.

Manana telo minitra avy ny Solombavambahoaka hametrahan'ny fanontaniana. Omena fitenenana avy eo, ny Vondrona Parlemanta tsirairay avy, hanamarihany ny zavatra voalaza teo.

Ny vondrona Parlemanta IRD homena 15 minitra, ny TIM homena 15 minitra, GPR homena 15 minitra ary ireo tsy voasoratra kosa homena 10 minitra, ka valian'ny Praiministra ny fanamarihana avy eo.

Ny faharetan'ny fivoriana tsirairay dia 8 ora ka hatramin'ny 9 ora.

Rehefa izany, omena fitenenana araka ny fanamariham-pahatongavana ny Solombavambahoaka.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka nandray fitenenana tamin'izany.

- RAKOTONIRINA Augustin
- RAKOTONIRINA Jimmy Joe
- RAMAHANDRISOA Edu Edmond
- RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary
- RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
- RAMAROSOA Emiline
- RAMBOASALAMA Emilien
- RAMILSON Ange Richard
- RANDRIANANTENAINA Olivier Antonny José
- RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène
- RANDRIANARISON Temis Togle
- RANDRIANARIVELO Justin Abel
- RANDRIANASOLO Augustin
- RANDRIANATOAVINA Jean Martin
- RASIDIMANANA
- RASOAMALALA Honorine
- RASOLONJATOVO Honoré
- RAVELOSON Guillaume Narindrasana
- RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
- RANDRIAMBOLAINA Gerry
- RANDRIAMIASA NAINA Marie Nicolas David
- RATSIMBAZAFY Alain Jean
- RATSIVAHINISOLO Andriniony
- RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian
- RAHANTANIRINA Lalao
- RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine
- RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelie
- RICHARD Tsimahalefy Alexandrine
- RIVOTIANA Richard Jean Bosco
- VELONTSARA Paul Bert
- ROILAHY
- RAZAKANDRAINY Henri Dominique
- TSIKIVY Adrien
- VOAHINGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette
- VONINAHITSY Jean Eugène
- RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina
- ZAFINANDRO Perle Bien Aimée
- RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
- RATSIRAKA Iarovana Roland
- RAFIDIMANANA Narson
- RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIALONA
- JEAN FRANCOIS Michel
- RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary

- RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- RAKOTONDRAVAO Georges
- RANDRIANASOLO Augustin
- RANDRIA Joseph
- RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

Ireto manaraka ireto kosa ary ny fanamarihana sy fangatahan'ireo Solombavambahoaka nisongadina nandritra ny fihaonana ary ireo Minisitera niantefan'izany.

#### **- 1 Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena**

Maro ny Solombavambahoaka no nilaza fa manjaka ny asan-dahalo, mitebiteby ny vahoaka; ka inona no vahaolana maharitra mba hamongorana ny jiolahy.

Ahoana ny mikasika ny sambo miditra sy mivoaka any amin'ny sisin-tany, efa misy fanaraha-maso ve ny mikasika izany

Nisy Solombavambahoaka nangataka «hélicoptère» mba ahafahana manara-dia haingana ny dahalo.

#### **- 2 Minisiteran'ny Raharaham-bahiny**

Fitarainana mikasika ny “visa”-n'ireo tantsambo hiasa any Etazonia no nataon'ny Solombavambahoaka satria lasa lafo be ny saran'ny fakana azy amin'izao fotoana izao, ka mitaraina ireo tantsambo. Inona no vahaolana omen'ny Minisitera momba izany.

#### **- 3 Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola**

Nangataka ny hanomezana azy ireo ny tatitra momba ny “rapatriement de devise» ny Solombavambahoaka. Tao koa ireo nangataka ny PIB isan'olona eto Madagasikara, amin'izao fotoana izao.

Nilaza koa ny Solombavambahoaka fa tokony hiantso ireo “acteur économique” rehetra ny fanjakana mba hahafahana manao ny “relance économique” eto amin'ny firenena.

#### **- 4 Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana**

Fitarainana momba ny olana misy amin'ny ady tany no tena nisongadina ho an'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

Nilaza ny Solombavambahoaka fa maro ny didim-pitsarana tsy ara-drarin'ny ao amin'ny Tribonaly, ka nangataka ny hijerena izany akaiky satria lasa miteraka korontana eny amin'ny fiaraha-monina. Ohatra amin'izany ny tany mirefy 30Ha eny Antanandrano izay miteraka savorovoro amin'izao fotoana izao; toy izay koa ny ady tany mitranga ao Toamasina II, ka nangataka ny hanokafana “enquête parlementaire”.

Nisy tamin'ny Solombavambahoaka koa no nangataka ny hijerena ny mahazo ny voafonja satria tsy ampy ny sakafo omena azy ireny.

Nisy Solombavambahoaka koa nanontany raha afaka mampiditra olona any am-ponja ny OMP (Office de Ministère Public).

Nanontany koa ny Solombavambahoaka, fa misy Kaominina maro mbola tsy manana Ben'ny Tanàna, ka tokony haverina ve ny fifidianana amin'ireo toerana ireo sa hametrahana "délégation spéciale".

#### **- 5 Minisiteran'ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana**

Mikasika ny Fokontany, anisan'ny nisongadina ny fangatahana ny hamerenana ny hisian'ny fifidianana Sefom-pokontany, ny fananganana ny biraom-pokontany vaovao noho ny fitomboan'ny mponina, ny fampitaovana ny biraom-pokontany.

Fangatahana ny hisian'ny Sefom-pokotany isaky ny Fokontany koa satria maro no tsy manana izany, fa ny Lefiny no manao ny asany.

Maro ny fangatahana birao manara-penitra ho an'ny Kaominina, ny «subventions» ho an'ny Kaominina sy ny «indemnités» ho an'ny Sefom-pokontany, tsy ampy azy ireo satria 40 000 Ariary monja, ka tokony hampiakarina ihany koa.

Mikasika ny fiara 4x4 isaky ny Distrika, efa nozaraina ve sa aiza ho aiza io fitaovana entina hiasa io.

#### **- 6 Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka**

Nangataka ny hanampiana ny isan'ny Polisy any amin'ireny toerana tsy mandry fahalemana ireny ny Solombavambahoaka satria lasa tsy matahotra azy ireo ny jiolahy noho ny havitsian'izy ireo.

Nambaran'izy ireo koa fa maro ny biraon'ny Polisy efa vita any amin'ny Distrika kanefa mbola tsy miasa ka nangataka ny hijerena izany ny Solombavambahoaka satria ho simba ny fotodrafitrasa.

Nitaraina ny Solombavambahoaka amin'ny fomba fiasan'ny Polisy sasany, toy ny eo Namontana sy Anosibe satria handamina ny fifamoivoizana no handefasana azy ireo, kanefa manao ny asan'ny "Police de la Route" no ataony, ka lasa miteraka fitohanan'ny fifamoivoizana izany.

Maro tamin'ireo Solombavambahoaka koa no nangataka fampitaovana ho an'ny Polisy mba hahafahan'izy ireo manatanteraka ny asany.

Nampitaraina ny Solombavambahoaka ihany koa ny resaka "recrutement" ao amin'ny Polisim-pirenena satria misy faritra tena vitsy ny mpiadina afaka any aminy, fa tsy toy ny any amin'ny faritra sasany kanefa tokony hitovitovy izany satria misy "quota" isaky ny Faritra.

#### **- 7 Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy**

Nangataka ny hijerena manokana ireo lalam-pirenena ny Solombavambahoaka satria havokavoky ny firenena izy ireny kanefa simba ka mijaly ny vahoaka sy ny mpitatitra amintsika miteny izao. Ohatra amin'izany ny RN7, RN6, RN2, RN13, RN44, RN13A, RN12A, RN27, RN43 sns...

Lasa miakatra ny vidim-piainana any amin'ireny toerana saro-dalana ireny, ka tokony hojerena manokana ny lalana mampifandray ny Distrika rehetra. Fanampin'izay, miteraka tsy fandriam-pahalemana ny faharatsian'ny lalana, toy ny fisian'ny mpanakan-dalana.

Nisy Solombavambahoaka nanontany ireo dingana tokony hatao raha hanao «transfert à l'Etat» ny tany ny vahoaka.

Nanontany ny fomba hamahan'ny Minisitera ny olan'ny ady tany ny Solombavambahoaka satria lasa mahazo vahana izany amin'izao fotoana izao, izany misy ny olana amin'ny fananan-tany, ka tonga hatrany amin'ny fitsarana izany sady miteraka faty olona.

Mikasika ny RN35 manokana, efa nampanantenain'Andriamatoa RAJOELINA Andry Nirina, izy io hoe hamboarina. Ahoana ny momba azy? Efa misy ve ny vola hanaovana azy, efa misy orinasa hanao ny asa koa ve.

Nitaraina ihany koa Ramatoa Filoha sady Solombavambahoaka voavidy tao Ambatofinandrahana, fa misy tetezana tena efa simba any aminy ka mangataka ny hijerena izany ny tenany.

#### **- 8 Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena**

Nangataka ny hijerena manokana ny trano fianaran'ireo mpianatra ny Solombavambahoaka satria maro amin'izy ireo no efa tsy misy tafo intsony ka mila fanavaozana. Izany hoe, mangataka fotodrafitrasa ho any mpianatra sy ny mpampianatra. Misy amin'ireo sekoly koa no mbola manofa trano, ka mangataka ny hanomezana azy ireo EPP manara-penitra sy “kit scolaire” ary latabatra ho an'ny mpianatra.

Nangataka ny hampiofanana ny mpampianatra ihany koa ny Solombavambahoaka mba ho fanatsarana ny kalitaom-pampianarana eto Madagasikara.

Ahoana ny fizarana ny “poste budgétaire” miisa 15 000 azon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, hitovy ve ny any amin'ny Faritra sa manao ahoana.

Nangataka ny hampiakarana ny isan'ny mpampianatra FRAM raisina ho mpiasam-panjakana ihany koa ireo Solombavambahoaka satria maro amin'izy ireny no efa nampianatra antaonany maro kanefa mbola tsy voaray ho mpiasa raikitra ihany.

Ahoana ny momba ireo mpampianatra efa be taona, 45 taona noho miakatra, mba misy fanantenana ve ny handraisana azy ireo satria raha ny heno, miisa 9 000 no ho lasa mpiasam-panjakana amin'ity taona 2021 ity.

Nisy tamin'ireo Solombavambahoaka koa no nangataka ny hanomezana “subvention” ireo mpampianatra ireo.

Nitaraina ihany koa ny Solombavambahoaka satria noho ny faharatsian'ny lalana dia noentina an-tongotra andro aman'alina ny laza adina CEPE. Inona no fepetra tokony horaisina hialana amin'izany satria tsy azo antoka raha izany no mitohy.

Ahoana ny momba ny fanontana ny laza adina “Bacc” amin’ity taona 2021 ity, satria heno fa toa mitokona ny mpiasan’ny CNAPMAD noho ny tsy fandoavana ny karamany.

Aiza ho aiza ny fandoavana ny “vacation” ho an’ireo mpampianatra nitsara fanadinana ofisialy, satria taona maro no mbola tsy voaloha izany. Tsy hisy fiantraikany amin’ny fanadinana hatao ve izany.

Ahoana ny momba ny “cantine scolaire”, izany hoe ny fitantanana azy satria maro ny Faritra tokony hahazo izany kanefa misedra olana. Ohatra amin’izany, any amin’ny Faritra Atsimo; tsapa fa mitsoaka andaharana ny mpianatra na manao “déperdition scolaire” satria tsy ampy sakafo. Noho izany, tokony hanao ezaka lehibe ny Minisitery hitazonana ny mpianatra any an-tsekoly mba hihena io toe-javatra voalaza io. Fomba mahomby amin’izany, ny fanomezana “cantine scolaire” ny sekoly.

Maro ny sekoly mitaraina amin’ny fitantanana ihany koa ny “caisse scolaire”, inona paikady hanaraha-maso ny olona mitazona izany, satria ho very ny vola arotsaka raha tsy misy izany.

Inona no vahaolana arosanareo satria maro ny mpampianatra handeha hisotro ronono no tsy mahalala hoe, inona avy ireo antontan-taratasy ilaina momba izany. Sao mba tokony hisy fiaraha-miasa amin’ny MEN sy ny MINFOP raha izay olana izay no jerena.

#### **- 9 Minisiteran’ny Fampianarana Teknika sy Fampiofanana Arak’asa**

Maro ny Solombavambahoaka no nangataka efitrano fianarana sy hanomezana azy ireo «centre de formation technique et professionnelle» hianaran’ny tanora sy ny hanomezana jiro ireo trano fianarana koa satria mijaly ny mpianatra rehefa ririnina. Izany hoe, fangatahana fotodrafitrasa, toy any Ifanadiana, Mahanoro, Iakora, Ambatondrazaka ary Fandriana.

Maro koa no nangataka ny hanomezana “lycée agricole” any amin’ny Distrika nahavoafidy azy mba hahafahan’ny mpianatra mivoaka amin’izany sekoly izany manao fampiharana avy hatrany.

Ahoana ny amin’ireo mpampianatra tokony hampianatra any toerana na Distrika efa manana fotodrafitrasa kanefa tsy mety mamonjy ny asany.

#### **- 10 Minisiteran’ny Fahasalalamam-bahoaka**

Nisongadina tamin’ny fangatahan’ny Solombavambahoaka ny hananana fiara fitaterana marary na “ambulance” isaky ny Distrika. Nangatahany koa ny hahamaimaim-poana ny fitaterana satria ny marary efa sahirana amin’ny aretina mahazo azy kanefa mbola handoa vola indray.

Maro ny Solombavambahoaka nangataka ny hampitomboana ny efitrano eny amin’ny tobim-pahasalamana toy ny CSB II; ny hanampiana ny fitaovana eny anivon’ny Hopitaly, toy ny farafara, kidoro, ny fanaraha-maso ny fandefasana fanafody ary hanampiana ny fotodrafitrasa momba ny CSB II any amin’ny Kaominina.

Aiza ho aiza valin'ny fangatahana ny hananana dokotera any ny Distrika, ny fanomezana izany koa ho an'ny CSB II.

Inona no masontsivana amin'ny fanaovana «recrutement» ho an'ny «bénévole». Tsapa fa izay mahalala olona no voaray araka ny heno.

Inona no fepetra raisinareo amin'ny tsy fetezan'ireo dokotera mandeha mamonjy ny toeram-piasany aorian'ny fandraisana azy ho mpiasam-panjakana. Tsy tokony hatao fakana “poste budgétaire” fotsiny any ambanivohitra satria afaka taona vitsy dia mangataka “affectation” ny dokotera, maro no mahazo izany ka lasa tsy manana mpitsabo ny olona eny ambanivohitra. Tokony hijerena fepetra hentitra ny momba izany.

Ahoana ny fandraisana ireo PARAMED, mitaraina izy ireo satria tsy fantany izay ho aviny kanefa ny olona mila fitsaboana, indrindra any amin'ny toerana lavitra andriana.

Inona no paikady entin'ny Minisitery manoloana ny fanaovana vakisiny ho fiaroavana amin'ny valan'aretina “Covid-19” vaovao antsoina hoe «delta». Efa vonona ve ny vakisiny raha sanatria tonga eto amintsika izany satria araka ny hita maneran-tany, maro ny olona azony ary maty avy hatrany.

Tsy marisika amin'ny fanaovana vakisiny ny Malagasy na azo lazaina ho maro ihany aza no nafarana. Raha ny fijery azy, tsy ampy ny fanentanana, koa amin'ny andiany manaraka; tokony hisy fanentanana misimisy kokoa mba hahabetsaka ny tahan'ny fanaovana vakisiny hiarovana amin'ny valan'aretina “Covid-19” vaovao eto amintsika.

Maro ny Solombavambahoaka no nitaraina, fa tsy ny “Coronavirus” ihany no mahafaty olona, fa anisany tena mitondra fahafatesana be indrindra koa ny tazomoka. Aiza ho aiza ny fiarovana ny olona mba tsy azon'izany aretina izany, fa betsaka no mitarina momba azy. Ny zavatra tsapa, ny zaza amam-behivavy no tena ahitana taham-pahafatesana maro raha miohatra amin'ny lehilahy. Tsy azo averina ve ny fizarana lay misy ody moka mba hialana amin'io aretina io.

#### **- 11 Minisiteran'ny Fiompiana sy ny Fambolena ary ny Jono**

Fangatahana ny hanaovana fotodrafitrasa, toy ny “barrage” sy lakan-drano no nataon'ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana satria mampidina ny vokatra ny tsy fananana izany. Noho ny tsy fisian'ireo, tena nidina ny vokatra satria maro ny lemaka tokony hamokatra no maina, tsy ampy rano. Mihasimba koa ny fotodrafitrasa noho io antony io, ka tokony hitady fomba mahomby ny Minisitery, mba hahazoan'ny tantsaha misitraka fotodrafitrasa sy ny paikady hitantanana ny rano.

Iharan'izay tsy fahampian'ny fotodrafitrasa entim-mamokatra izay ny any Marontsetra, any Mahabo sy Morondava; ny Faritra Atsimo Andrefana, Matsiatra Ambony, Analanjirofo, Alaotra Mangoro, sns...

Izany hoe, ny fambolem-bary no tena ahitana ny tsy fahampian'ny fotodrafitrasa. Raha mbola mitohy, izany tsy ho ampy mihitsy ny voka-bary eto amintsika raha tsy ovaina ny paikady enti-mamokatra.



Maro koa ny fangatahana amin'ny tokony hanomezana «machine de pompage» mba ahafahana manondraka toeram-pambolena hampiakarana ny rano, ho an'ireo toerana sy Faritra somary saro-drano.

Nisy tamin'ny Solombavambahoaka koa no nanontany momba ny vola nomena ny “lauréat” tamin'ny fambolena satria mbola tsy nahazo izany ny olona tokony hisitraka azy. Ny fahazoana izany no fomba iray entina hampirisihana ny tantsaha mba hazoto sy hitady hevitra hafa hanatsarana ny fambolena, koa takiana ny hanomezana izany.

Nitaraina ny Solombavambahoaka sasany ahitana ny tetikasa DEFIS, toy ny any amin'ny Faritra Atsimo sy Atsinanana satria tsy mandeha amin'ny tokony ho izy ny asan'izy ireo. Nangataka ny tokony hijeren'ny Minisitera akaiky izay toe-javatra izay izy ireo.

Maro koa ny Solombavambahoaka no nangataka ny hampiakarana ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana satria ny ankamaroan'ny vahoaka Malagasy dia tantsaha avokoa. Ny antony, amin'izay betsaka ny tetikasa hataon'ny Minisitera ka hipaka mivantana any ifotony ary hitarika fahampian'ny vokatra izany. Raha atao amin'ny teny fohy, hotratra ny tanjona amin'ny fahampiana ara-tsakafo izay veliranon'ny Filohampirenena.

Nangataka hanomezana masimboly ho an'ny tantsaha ihany koa ny olom-boafidy mba hanatsarana ny kalitao sy hampiakarana ny vokatr'izy ireo, satria masimboly efa antitra no ananany.

Nisy ny nangataka ny hijerena akaiky ny momba ny andiam-balala any amin'ny Faritra Atsimo satria manimba ny fambolena sy ny fiompiana ny fisian'izany.

Tokony hisy fanaraha-maso ny mpanjono vaventy satria mampiasa harato tsy mifanaraka amin'ny fanjonoana ataony izy ireo, ka ny mpanjono madinika no mizaka ny vokatr'izany.

Fangatahana fitaovana ho azy ireo no nataon'ny Solombavambahoaka, mba hahafahany miasa ara-dalàna. Teo koa ny fanentanana amin'ny hametrahaman'ny Minisitera Kaoperativa ho an'ny mpanjono madinika.

#### **- 12 Minisiteran'ny Angovo sy Akoran'Afo**

Nisongadina tamin'ny fangatahan'ny Solombavambahoaka ny tsy hisian'ny fahatapanan-jiro matetika intsony eto amintsika satria maro ny fahasimban'ny fitaovana ampiasaina sady miankina amin'ny herin'aratra avokoa ny asa atao.

Tao koa no nilaza fa tapaka matetika ny jiro kanefa ny vidin-jiro miakatra hatrany. Tsy mifandanja amin'ny fandaniana ny vola aloa amin'ny JIRAMA. Noho izany, mangataka ny hisian'ny vahaolana maharitra mikasika izany.

Tsapa fa manana angovo betsaka azo havaozina isika; toerana vitsy anefa no mbola misitraka izany. Raha azo atao, tokony hanana «station de pompage» isaky ny Distrika mba hialana amin'ny fijaliana amin'ny famatsiana rano.

**- 13 Minisiteran'ny Harena Ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika**

Nangataka ny hijerena akaiky ny olana amin'ireny "carrières" ireny ny Solombavambahoaka satria lasa mifamono ny olona mpitrandraka sy ny mpitandrofilaminana. Ohatra amin'izany, any Ambatondrazaka, Mananjary ary ny any Toliara. Handray andraikitra ny Solombavambahoaka raha tsy hitady vahaolana mikasika izany ny Minisitera.

Nomarihan'izy ireo koa, fa maro ny olom-panjakana ambony mampanao "évasion de carrière», ka tokony handraisana fepetra izy ireny satria mety hiteraka korontana eto amin'ny firenena.

**- 14 Minisiteran'ny Fitaterana, ny Fizahan-tany ary ny Famantarana ny Toetr'andro**

Inona no antony nampiatoana ny fanamboarana «brise lame» ao Soanierana-lvongo kanefa zavatra tena ilaina ao an-toerana izy io.

Aiza ho aiza ny fangatahana fanamboarana "gare routière" vaovao amin'ny toerana maro eto amintsika satria sahirana ny mpitatitra sy ny mpandeha noho ny fahateran'ny toerana sy ny halavirany, ao koa loto ao anaty toeram-piantsonana. Misy ny toerana efa manana fotodrafitrasa kanefa mbola tsy ampiasaina akory, toy ny ao Ambositra ohatra.

Tokony hojerena manokana ny fanokafana ny seranan-tsambo ao Manakara, hoy ny Solombavambahoaka voafidy tany an-toerana satria tena ilain'ny vahoaka mihitsy izy io. Mila azy ohatra, ny mpanondrana vokatry; toy izany koa, mila azy ny fanjakana amin'ny fanafarana entana avy any ivelany izay efa nisy taloha.

**- 15 Minisiteran'ny Asa, ny Fananan'Asa ary ny Fitantanan-draharaham-panjakana sy ny Lalàna Sosialy**

Fangatahana ny hijerena akaiky ny mpampianatra FRAM, indrindra ny nahazo taona tamin'ny sehatry ny fampianarana, ireo 45 taona noho miakatra. Izay no nisongadina tamin'ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka.

Tsy azon'ny Minisitera atao ve ny manolotra volavolan-dalàna mikasika ny fiarovana ny zon'ny mpiasa, mahatsiaro ho voahosihosy izy ireo, indrindra ny mpiasa any amin'ny orinasa tsy miankina, satria rehefa misy fitarainana ataony any amin'ny "inspection de travail"; tsy misy valiny mahafapo, fa fandrirarirana no azon'izy ireo. Misy aza, miafara amin'ny fandroahana mihitsy.

**- 16 Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika**

Nitaraina ny Solombavambahoaka, fa mbola maro ny Distrika tsy manana foibem-panadinana momba ny "bacc" na "centre d'examen de baccalauréat" kanefa ny fanadinana hatao mikasika izany efa akaiky. Ohatra amin'izany, ao Kandrehy; tsy manana toerana hanaovana fanadinana ara-panatanjahantena ny mpianatra, ka voatery mandeha toerana hafa sy lavitra. Lasa ataon'ny olona sasany fitadiavam-bola izany satria akany 40 000 Ariary isaky ny mpianatra rehefa handeha hanao fanadinana.

Mangataka ny hijerena io olana io satria efa miendrika kolikoly izany toe-javatra izany eo anatrehan'ny fahasahiranana'ny Raiamandreny amin'izao fotoana izao.

### **- 17 Minisiteran'ny Industria sy ny Varotra ary ny Asa t nana**

Niompana tamin'ny fangatahana orinasa ahafahana manodina ny vokatra eto an-toerana ny hetahetan'ny Solombavambahoaka maro. Toy ny any Vangaindrano, orinasa fanodinana voankazo no nagatahany. Ny Distrika any amin'ny Faritr'i Boeny; orinasa fanodinana voanjo no notakiany. Ny antony angatahana ny fananganana orinasa, amin'izay sady miteraka asa ho an'ny tanora no tsy manafatra vokatra voahodina intsony isika.

Tsapa fa miakatra ny vidin'ny zavatra ilaina amin'ny fiainana andavan'andro na ny PPN; nangataka ny hijerena ny vidim-bary, menaka, siramamy ary lafarina ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka. Mijaly ny vahoaka, ka tokony handray fepetra avy hatrany amin'ny hampihenana ny vidin'ny PPN izy ireo. Tokony hanao asa mivaingana hihatra any amin'ny vahoaka mihitsy ny Minisitera satria misy fanararaotana ataon'ny samy Malagasy amin'izao andro sarotra izao.

Tena mitaraina ny vahoaka momba ny sodro-pidim-piainana, ka mitaky ny hampihenana na hanaovana famatsiana momba ny PPN ny Solombavambahoaka.

Nangataka ny hamerenana ny fanodinana ny orinasa SIRAMA ihany koa ny Solombavambahoaka hafa, satria miteraka vokatsa ho an'ny mpiasa ao aminy izany ary indrindra ho an'ny vahoaka Malagasy raha voafehy ny vidin'ny siramamy eto amintsika.

Aiza ho aiza ny resaka ODOF na ny "One District, One Factory" hoy ny Solombavambahoaka maro, satria miandrindra fatratra izany ny Distrika misy azy ireo. Misy fanantenana ve ny hahatanterahana izany sa manao ahoana, satria raha ny Solombavambahoaka dia efa manana vinavina mifanaraka amin'ny filan'ny Distrika nahavoafidy azy.

### **- 18 Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy Fampandrosoana Maharitra**

Solombavambahoaka maro voafidy tamin'ny Distrika manamorona ny sisin-dranomasina no nitaky fanazavana amin'ny tokony hijerena manokana ny morontsiraka, toy ny fiarovana ny alahonko (mangroves), ny tsy fanariana "dechet toxique" any an-dranomasina.

Raha tsy arovana ny sisin-dranomasina, araka ny voalazan'izy ireo, betsaka ny harenantsika no ho very ao anatin'ny fotoana fohy, ka aleo mitady vahaolana dieny izao ny mpitondra satria ny Solombavambahoaka koa manao izay azony atao amin'ny fanentanana ny olona hiaro ny morontsiraka, toy ny fambolena zanakazo honko amin'ny sisin-dranomasina hialana amin'ny fiakaran'ny fasika eny an-tanety, ny firesahana amin'ireo tompon'ny orinasa manary poizina any an-dranomasina.

Mikasika ny dorotanety izay manjaka tokoa amin'izao fotoana izao, inona no vahaolana maharitra mba hiadiana amin'izany satria na ny faritra arovana (aires prot g es) aza, maro ny velaran-tany may. Izany hoe, mitarika tsy fandriam-pahalemana ny firongatry ny dorotanety eto amintsika. Tsy misy intsony ve ny zandary mpiandry ala noraisin'ny Minisitera natolotra hiaro ny ala sa tsia.

Azonareo omena ve, firy hektara no velaran-tany may noho ny fisian'ny dorotanety hatramin'izay teto Madagasikara.

**- 19 Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampivoarana Haitao Arakajy Mirindra**

Raha mbangoina, anisan'ny nisongadina tamin'ny fangatahan'ny Solombavambahoaka ny fampitomboana ny isan'ny «pylone» momba ny fifandraisan-davitra sy ny fametrahana «smart village» amin'ireo tanàna tokony hanana izany, amin'izay mba mitovitovy ny fahalalan'ny olona na an-tanàn-dehibe izany na any toerana tokony hilana azy.

**- 20 Minisiteran'ny Mponina sy ny Fiahiana Ara-tsosialy ary ny Fampiroboroana ny Vehivavy**

Niompana tamin'ny fangatahana mikasika ny hananana trano fampiofanana ho an'ny tanora sy ny vehivavy mba hahafahany miasa avy hatrany rehefa vita ny fiofanana no nataon'ny Solombavambahoaka; indrindra ho an'ireo Solombavambahoaka vehivavy, satria ny vehivavy no tena iharan'ny tsy fananana asa ho an'ny eny ambanivohitra. Rehefa mahazo fiofanana izy ireo, mora aminy ny hisehatra avy hatrany amin'izany tontolo izany aorian'izay.

Hitohy ve ny fametrahana vahaolana maharitra handresena ny kere any Atsimo sa handalo ihany ny ezaka atao amin'izao fotoana izao. Raha ny zava-misy any an-toerana no jerena, efa tokony nahitana vahaolana izany taloha saingy niankin-doha tamin'ny fanampiana avy any ivelany fotsiny isika. Anisany nanampy hatramin'izay ny PAM sy ireo ONG hafa. Tsy tokony hajanona amin'izao iny “colloque” natao tany Taolagnaro iny, fa avy hatrany dia arahina asa maharitra, mba hahafan'ny any Atsimo miarina haingana.

Solombavambahoaka maro koa no nitaky ny hitohizan'ny vatsin'ankohonana isaky ny Faritra satria mbola miaina ao anaty fahasahiranana ny ankabeazan'ny vahoaka na efa misokatra aza ny ankamaroan'ny asa fivelomana.

Sokajiana ho ao anatin'ny sokajin'olona marefo koa ny zaza amam-behivavy, ka izay no antony itakiana ny fitohizan'ny vatsin'ankohonana.

**- 21 Minisiteran'ny Tanora sy ny fanatanjahan-tena**

Fangatahana ny hanaovana fotodrafitrasa any amin'ny Distrika misy azy avy no nisongadina tamin'ny fandraisam-pitenenanana nataon'ny Solombavambahoaka. Singanina tamin'izany ny fangatahana kianja manara-penitra sy ny «maison des jeunes» satria ny fananana an'ireo no hampitovy lenta ny fanatanjahantena eto amintsika.

Fankasitrahana ny Minisitry amin'ny fanohanana ny fanatanjahantena koa no nanamarika ny fandraisam-pitenenana.

Fisaorana ny Filohampirenena noho ezaka ataony amin'ny fanandratana avo ny mpanao fanatanjahantena Malagasy, anisan'izany ny fahavitan'ny Kianjan'ny Barea.

**- 22 Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina**

Fitarainana noho ny faharatsian'ny fifandraisana na ny “réseau” no nitambaran'ireo Solombavambahoaka hevitra, ka nangataka ny hijerena izany izy ireo, toy ny fanomezana “pylône” any amin'ny toerana misy azy ireo avy.

Maro koa ny Solombavambahoaka no nitaraina momba ny “émetteur” satria tsy mazava ny feo azo avy amin’ny radiom-pirenena Malagasy. Ny Distrika rehetra tsy manana izany no nangataka ny hanomezana azy an’io fitaovana io, satria tsy mandre ny vaovao marina avy amin’ny fitondram-panjakana ny vahoaka any aminy raha ny fiainam-pirenena no jerena.

Nisy tamin’ny Solombavambahoaka koa no nangataka hanomezana fampitaovana ny mpanao gazetim-panjakana miasa any amin’ny Distrika misy azy ireo, mba hahafahany mamita ny asany araka ny tokony ho izy. Izany hoe, afaka mampita vaovao ara-dalàna atỳ amin’ny foibe amin’ny fotoana mahamety azy.

Manao ahoana ny momba ny “point de connexion” tokony homena ny mpianatra any amin’ny Distrika tsy misy “connexion” izay nampanantenaina satria anisan’ny hampitombo ny fahaizan’izy ireo izany raha serasera no asiana teny. Marihana fa mbola misy toerana maro any amin’ny Distrika no tsy manana “connexion” amin’ny “internet”, ka izay no antony angatahan’ny Solombavambahoaka izany ho an’ny mpianatra amin’ireo toerana ireo.

Ahoana ny momba ny TNT na “Télévision Numérique Terrestre” satria efa nisy resaka mikasika izany tany aloha. Mbola hisy ve ny tetikasa momba io televiziona io sa tsia.

### **- 23 Sekreteram-panjakana eo anivon’ny Minisiteran’ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarimariam-pirenena**

Fangatahana ny hampitomboana ny isan’ny Zandary any ambanivohitra no ankamaroan’ny fandraisam-pitenenana nataon’ny Solombavambahoaka satria maro ny toerana mbola anjakan’ny asan-dahalo, indrindra any amin’ny tapany andrefana sy atsimon’ny nosy.

Maro ny Solombavambahoaka nangataka ny hanavaozana ny fotodrafitrasan’ny Zandary satria betsaka no efa simba sady antitra.

Takiana ny hametrahana Zandary amin’ireo fotodrafitrasa efa vita, fa lasa mipetra-potsiny izany; fanampian’izay, mirongatra ny asan-dahalo satria trano no hitany any an-toerana, fa tsy olona hiasa hamongotra ny asa ratsy ataony.

Ho an’ireo teorana lazaina fa Faritra mena, maro ny Solombavambahoaka nangataka ny hanomezana azy ireo «poste avancé» sy fampitaovana ho an’ny Zandary, toy ny «moto» sy ny fampiasana angidimby, mba hoentina hampandry fahalemana, satria tsy afaka manao ny asa fivelomany ny mponina noho ny asan-dahalo.

Noho ny hamaroan’ny hala-botry, nangataka ny hampiasan’ny Zandary alika mpitsongodia ny Solombavambahoaka, mba hahafahana manaraka ny mpangalatra satria olona eny antanàna ihany no manao izany asa ratsy mambotry ny mpiara-monina aminy izany.

Tsy amin’ny renivohi-paritany sy eto an-drenivohitra ihany no anaovana izany, fa raha azo atao, aleo isaky ny tanàn-dehibe.

Nisy Solombavambahoaka nanontany raha mbola afaka mibaiko sy manao fanamiana ihany ny Zandary efa misotro ronono.

Tao koa ny nanontany raha manana olana manokana amin'ny Solombavambahoaka Andriamatoa Sekreteram-panjakana na ny SEG, indrindra fa ireo Solombavambahoaka avy amin'ny antoko mpanohitra.

Nangataka ny mangarahara ihany koa ny Solombavambahoaka, ka nanontany ny loharanom-bola anamboaran'Andriamatoa RAVALOMANANA Richard ny tranony mijoalajoala eny Ambohimanga Rova.

**- 24 Minisiteran'ny Rano sy ny Fanadiovana ary ny Fidiovana**

Maro ny Solombavambahoaka nangataka ny hanomezana rano fisotro madio ny vahoaka saika manerana an'i Madagasikara satria misedra olana momba izany isika amin'izao fotoana.

Nomarihan'ny Solombavambahoaka koa, fa maro ny olona mandeha lavitra vao mahita fatsakana ahazoana rano hosotroina sy hidiovana. Tokony hijery vahaolana maharitra ny fanjakana hisorohana izany, satria azo lazaina fa tsy rano madio no azon'ny olona, fa zara raha rano ampiasaina fotsiny.

Nangataka ny hanomezan'ny Minisitera fiarabe fitaoman-drano sy "bonbonne" ho an'ireo toerana saro-drano sy eny amin'ny toerana ambony eto andrenivohitra koa ny Solombavambahoaka.

**- 25 Minisitry Lefitra Miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana**

Maro tamin'ny Solombavambahoaka raha nandray fitenenana no nilaza, fa matetika miteraka disadisa amin'ny fiaraha-monina ny fanaovana tanàna vaovao. Nanontanian'izy ireo ny tolo-tànana tokony hanampiana ny Minisitera, mba tsy hisian'ny olana tahaka izany intsony.

Tao koa ny nanontany ny fepetra takiana, mba ahafahana misitraka ny tanàna vaovao.

Rehefa avy nametraka fanontaniana ny Solombavambahoaka, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana, Andriamatoa Praiminisitra, ka tahaka izao no fandraisam-pitenenana nataony.

Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta  
Misaotra nanome fitenenana ny mpikambana ato amin'ny Governemanta, Ramatoa Filoha.

Ramatoa Filoha,

Ianareo Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra?

Ianareo Solombavambahoaka,

Isika rehetra miara-mivory eto,

Miarahaba anareo tonga manatrika izao fivoriana izao ny tenako.

Efa teto ny mpikambana ato amin'ny Governemanta omaly, niatrika ny andiany voalohany, tamin'ny fifanatrehana aminareo Solombavambahoaka. Ialako tsiny, ialako fondro, raha misy mpikambana ato amin'ny Governemanta izay tsy salama ka tsy tonga eto amin'izao fotoana izao. Misy amin'ireo Minisitry koa no tsy maintsy mamita iraka, ka tsy afaka manatrika izao fivoriana izao. Raha sitrakareo, misy tomponandraikitra ambony ao amin'ny Minisitera sahaniny, mba angatahako homena fitenenana izy ireo avy eo, mba hisolotena izay Minisitry tsy afaka manatrika izao fivoriana izao.

Ho fanombohana ny fitenenana dia hasesy avy ato amin'ny ilany ankavanako ihany. Aorian'izay, mandray fitenenana ny eto aloha, any ankavia miankavanana. Manohy izany avy eo ny aoriana, avy any ankavanana miankavia.

Izay no fandaminana, raha sitrakareo.

Mankasitraka Tompoko.

### **- 1 Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena**

Ny voalohan-teny dia fankasitrahana ho anareo Solombavambahoaka izay nanolotra fisaorana ny Foloalindahy noho ny asa vitan'izy ireo amin'ny famerenana ny fandriam-pahalemana tamin'ny faritra voalaza fa anjakan'ny tsy fandriam-pahalemana teo aloha.

Ny fankasitrahana azy ireo dia fankaherezana ho an'ny Foloalindahy iray manontolo ary ho an'ny mpitandrofilaminana eto Madagasikara satria izany no andrasan'ny vahoaka amin'izy ireo.

Ny fanotiana avy tamin'ny Solombavambahoaka avy any Nosy Be, mikasika ny mpifindra monina tsy ara-dalàna any an-toerana. Araka ny fahafantarana azy, misy tokoa izay zavatra izay, ka miparitaka ny zava-mahadomelina amin'iny faritra iny. Ankehitriny, efa manana ny "stratégie de sécurité maritime" izay voasoratra amin'ny fomba ofisialy izahay. Mbola hohamarinina amin'ny fomba ofisialy izany "stratégie de sécurité maritime" izany. Ao anatin'izay indrindra ny fifanomezan-tànana amin'ireo "Zone de Défense de Sécurité" an'Ankaratra. Ohatra, ny any Avaratra atao hoe: "Centre de Fusion des Informations Maritimes" izay manome vaovao amin'ny sambo ara-dalàna na tsy ara-dalàna mivezivezy manodidina ny sisin-dranomasin'i Madagasikara. Tafiditra amin'izany i Nosy Be satria ao no fidiran'ny olona avy any amin'ny toeran-kafa miditra eto Madagasikara.

Efa voasokajy ao anatin'ny "Zone Maritime Prioritaire d'Intervention" io toerana io ary ankehitriny, efa miaina ao anatin'ny fanitsiana ny rafitry ny tafika isika. Efa misy ny "Etat Major de la Marine Nationale", ka hezahana homena fampitaovana izy ireo.

Efa misy ezaka atao hampitaovana azy ireo ary tsy ho ela dia hametraka ny CEMAFOR na ny "réseau cemaforique" manerana an'i Madagasikara isika mba hahafahana mitily ireo sambo avy lavitra, mba hanome vaovao ny sambo mihodinkodina amin'ny sisin-dranomasin'i Madagasikara.

Momba ny filazana ny tsy fandriam-pahalemana any Ambatolahy, Miandrivazo. Araka ny voalaza tamin'ny Solombavambahoaka omaly; misy "croissant" avy any Melaky mankany Menabe izay toerana mbola anjakan'ny tsy fandriam-pahalemana.

Misy ny atao hoe: "insécurité récurrente". Efa niteny izahay omaly, fa hidina eny ifotony mihitsy hijery ny paikady hapetraka satria maro ireo "Base Opérationnelle Avancée Spéciale de Sécurité" mipetraka amin'ireny toerana ireny

Marina ny an'ny Solombavambahoakan'i Miandrivazo, amin'ny hisian'ny fandriam-pahalemana amin'iny Faritra Andrefana iny. Taloha ny Faritra Atsimo no nalaza tamin'ny asan-dahalo.

Ny Faritra Afovoany: Isandra, Ambatofinandrahana no nalaza tamin'izany koa, amin'izao fotoana izao, nifindra amin'iny Faritra Andrefan'ny nosy iny izany. Noho izany, hofongorina hatramin'ny fotony ny asan-dahalo. Efa misy "hélicoptère" entina hanarahana ireo dahalo raha sendra misy ny fanafihana ataony.

## **- 2 Minisiteran'ny Raharaham-bahiny**

Momba ny resaka “visa” mankany Etazonia; aoka ho fantatry ny besinimaro, fa ny tantsambo ihany no nangataka “visa” mba ahafahan'izy ireo mivezivezy mandritry ny 5 taona any Etazonia, ka izay no antony nahalafa ny saran'ny fahazoana azy.

Tsara ho marihana, fa mitovy amin'ny vola alain'ny fanjakana Malagasy amin'ny vahiny tonga eto Madagasikara ihany ny vola alain'ny firenen-kafa amin'ny Malagasy rehefa handeha any aminy ny Malagasy.

Mila fifampiresahana amin'izy ireo ny fampidinana ny fakana “visa”. Izany hoe, raha hampidinana ny saran'ny vola alaina amin'ireo vahiny miditra eto Madagasikara, tokony hidina koa ny vola alain'izy ireo amintsika rehefa ho any ampitan-dranomasina. Tsy ny vahiny rehetra tonga eto Madagasikara anefa no voakasik'izany satria ho any Etazonia ireo tantsambo ireo, ka ny ambasadaorin'i Etazonia izany no fifampiresahana.

Noho izany, miankina amin'ny fifampiresahana aminy no hahitana raha afaka mampidina ny saran'ny “visa” handehanana any aminy izy ireo. Izany hoe, raha midina ny saran'ny vola alain'izy ireo amintsika rehefa haka “visa”, tsy maintsy mampidina ny vola alaintsika amin'izy ireo koa isika rehefa handeha atỳ Madagasikara izy ireo.

## **- 3 Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola**

Hoaliana miaraka ny fanontaniana nitovitovy napetraky ny Solombavambahoaka teo.

Nanao fanamarihana ny sasany taminareo, fa mbola misy toerana no tsy manana trano fitantanam-bola.

Efa nandinika ny tetibola hoentina hanatanterahana ny fanamboarana ny trano any amin'ny faritra izay mbola tsy manana izany izahay amin'izao fotoana izao.

Efa eo ampanatanterahana ny fananganana «Hôtel de Finances» koa izahay amin'izao fotoana izao. Any Fort-Dauphin, Mahajanga ary Fianarantsoa manokana izao dia efa voapetraka ny fototra hanorenana izany trano izany.

Momba ny PIB indray, araka ny voalaza ao amin'ny LFR na ny “Loi de Finances Rectificative”, mitentina 445 Dolara isan-taona izany amin'izao fotoana izao.

## **- 4 Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Minisiteran'ny Fitsarana**

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana, nanamarika fa fangatahana fotodrafitrasa no nataon'ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka. Nambarany, fa voaray avokoa ny fangatahan'ny Solombavambahoaka teo.

Mikasika ny OMP na ny “Office de Ministère Public”; raha ny lalàna no jerena, afaka mampiditra olona any am-ponja izy ireo satria izay no mifehy ny fomba fiasany sy ny lalàna arahany. Tsy mihoatra ny 15 andro no ahafahan'izy ireo mitazona olona any am-ponja ary azo avaozina in-droa izany. Izany hoe mety ho lasa 30 andro.

Tsara ho fantatry ny rehetra koa, fa miisa 42 ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany eto Madagasikara amin'izao fotoana izao. Raha ny isan'ny mponina eto Madagasikara no jerena, tokony ho 260 no isan'izany.



Momba ny resaka ady tany, nilaza Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, fa tsy ampy ny 3 minitra nomena azy hametrahany fanontaniana. Raha ny “interpellation” nataony tamin’ny haino aman-jery anefa no jerena, efa nihoatra ny 3 minitra izany. Tanindrazana iombonana i Madagasikara ary samy mahalala isika, fa mbola mandeha eny amin’ny tribonaly ireo raharaha ady tany ireo amin’izao fotoana izao.

Misy ihany koa ny atao hoe tsiambaratelo momba ny raharaham-pitsarana, ka misy zavatra azo avoaka, misy ny tsy azo avoaka. Sahinay ny milaza, fa tsy mitarika adim-poko ny fitsarana kanefa misy olona mitady hitarika ady izay mikendry ny hifandrafesan’ny samy Malagasy. Tsy azo ekena ny zavatra tahaka izany.

Tsy hoe fiarovana ny Karana na tsy fitiavana vahiny akory no hatao, fa misy amin’izy ireo no misitraka ny Zom-pirenena Malagasy na Malagasy ny orinasa ampiasainy eto amintsika.

Ny lalàna no ampiharin’ny fitsarana satria natao hampihatra izany izy ary ny mpitsara miasa ao amin’ny tribonaly dia natao hampihatra lalàna, fa tsy mpanao lalàna akory izy ireo.

Mikasika ny raharaha Antanandrano manokana, lasa miteraka savorovoro izy io. Efa intelo, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, no nandeha tany amin’ny biraoko. Tsy hotanisaiko eto ny zavatra efa nataony tany amin’ny sampadrahara hafa any amin’ny Minisitara. Efa saika tapitra voatetiny avokoa ny varavaran’ny mpitsara. “Intervention” no filaza izany zavatra ataony izany ary mety hiteraka kolikoly.

Aoka ho fantatry ny besinimaro ny momba io raharaha Antanandrano io. “Décret d’expropriation” tamin’ny taona 1953 no niantombohan’io resaka io. Efa navoaka tamin’ny gazetim-panjakana io “décret” io tamin’izany fotoana izany. Efa nisy olona io tany io tamin’izany, ka nalain’ny fanjakana ary nomeny ny orinasa STIMAD. Io orinasa io avy eo no nikarakara ny tany hanaovany ny zavatra notakian’ny fanjakana. Taty aoriana, nomen’io orinasa io ny “Télécom Malagasy” ny tany. Ity farany indray avy eo no nanome azy ho an’ny “Telma”.

Tamin’ny taona 2003, tonga indray ny taranak’ireo olona nesorina tamin’io tany io tamin’ny taona 1953. Milaza izy ireo, fa azy ny toerana ka tokony haverina aminy. Nisy “décision de retrocession” tany amin’ny fitsarana tamin’izay, ka naverina tamin’ireo olona ireo aloha ny tany mba hampiasainy satria nisy “appel à la cassation” natao. Rehefa tonga teny amin’ny Fitsarana Tampony anefa ny raharaha, naverina tamin’ny endriny taloha io tany io. Izany hoe, “cause d’expropriation pour cause d’utilité publique”. Tao anatin’ny fe-potoana namerenana ny tany amin’ny laoniny, nisy nanararaotra tao amin’ny “service de domaine”, ka nahavita nanoratra ny tany tamin’ny anarany. Olona vitsivitsy izy ireo, fa tsy ireo olona mitabataba hita amin’ny haino aman-jery amin’izao fotoana izao. Ireo olom-bitsy nahazo “titre” ireo anefa no arovan’Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, izay lazainy fa vahoaka. Manana ny maha izy azy i Madagasikara ary misy lalàna mifehy eto amintsika. Efa nampidirina am-ponja ireo olona nanodinkodina an’io tany io satria nanao “faux et usage de faux” araka ny fanazavana efa naroso teo.

Mbola mandeha ny momba io raharaha io any amin’ny fitsarana amin’izao fotoana izao, kanefa misy Solombavambahoaka manao “intervention”. Ny fitsarana anefa manaraka ny lalàna misy, izay ny Solombavambahoaka ihany no nanao azy.

Efa nihoatra ny 60 ny isan'ny mpitsara nandinika io raharaha io nanomboka ny taona 1953. Sanatria raha ny 51%-n'izy ireo dia nanao risoriso avokoa. Aoka tsy hasiana korontana eto amin'ny firenena raha azo atao.

Ny “Plan d’Emergence” rahateo manambara fa hisy “cause d’expropriation pour cause d’utilité publique” hatao mba ho fanatanterahana azy satria tombotsoan'ny firenena izany.

Raha mbola misy fanazavana ilaina, ao daholo ny taratasy manamarina izany, fa aza taritina hikomy ny vahoaka satria efa mandalo fotoan-tsarotra ny firenentsika. Aoka isika izay manana olana momba ny fananan-tany hiandry ny didim-pitsarana hivoaka. Samy ambanin'ny lalàna avokoa isika, fa avelao ny mpitsara hanao ny asany.

Momba ireo Kaominina mbola tsy manana Ben'ny Tanàna sy hoe tokony hamerina fifidianana; eo ambanin'ny lalàna avokoa isika rehetra, ka miandry izay fanapahan-kevitra ny “Conseil d’Etat” aloha. Aoka isika hanaja ny didim-pitsarana izay mivoaka.

Afaka manao “voie de recours” ny olona raha toa nisy tsy nahafa-po azy ny didy navoaka saingy ao anatin'ny fotoana voatondron'ny lalàna ihany no azo anatanterahana izany. Raha dila io fe-potoana voatondron'ny lalàna io, heverina fa manan-kery ny didim-pitsarana izay navoaka.

Tsara ho fantatry ny rehetra koa, fa ny tsy fanatanterahana didim-pitsarana dia mahavoasazy araka ny lalàna misy eto amintsika.

#### **- 5 Minisiteran'ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana**

Nanamarika, Andriamatoa Minisitra, fa maro ny Solombavambahoaka nangataka ny hanomezana fitaovam-piasana ny eny anivon'ny Fokontany ary nambarany fa efa eo andalam-pikarakarana izany ny ao amin'ny Minisitara amin'izao fotoana izao.

Momba ny sokajim-pifidianana tokony hatao; noho ny fisiany valan'aretina “Covid-19” no tsy nahafahana nanatanteraka izany. Nambarany fa afaka miroso amin'izay fifidianana izay isika rehefa feno ny fepetra mikasika ny tokony hanaovana azy.

Mikasika ny Kaominina manokana, efa 98% ny “subvention” no efa lasa any amn'izy ireo ary efa any amin'ny Faritany na any amin'ny “trésorerie” ny vola amin'izao fotoana izao.

Momba ny tsenan'omby ao Vangaindrano; noho ny halatr'omby tamin'ny 9 Jona 2021 ka hatramin'ny 9 Jolay 2021; mahery ny 400 isa ny omby very, ka voatery nakatona io tsenan'omby any an-toerana io. Amin'izao isika miteny izao, efa eo andalam-pikarakarana izany izahay amin'izao.

Mikasika ny “visa”-n'ireo tantsambo Malagasy araka ny voalaza teo, efa nisy vola “500 Dollars” natokana mba ho fampihenana ny vola aloan'ireo tantsambo ireo amin'izany.

#### **- 6 Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka**

Rehefa natao ny fandinihana, hita fa ny fitondram-panjakana amin'izao no nanome fampitaovana betsaka indrindra ho an'ny Polisy, isaorana ny Solombavambahoaka nahatsapa ny ezaka vitan'ity Minisitara ity, satria ny hisian'ny filaminana anatin'ny tanjona araka ny voalaza teo aloha.

Ho an'ny Solombavambahoaka nangataka ny hapitombona ny isan'ny Polisy; fametrahana polisim-pirenena manerana ny Distrika no tanjona mba hisian'ny fandriam-pahalemana maharitra eto amintsika.

Miisa 1200 ny mpianatra ho Polisy tamin'ny taona 2019 ary efa manao "stage pratique" izy ireo amin'izao fotoana izao. Aorian'ny fiofanana, haparitaka any amin'ny Faritra izy ireo mba hanamafy kokoa ny fandriam-pahalemana, satria tsapa fa mbola misy toerana tsy milamina loatra.

Mikasika ny fandraisana ho Polisy, efa tapitra tamin'ny taona 2018 ny resaka "quota", ka atao mifanaraka amin'ny isan'ny mpiadina ao amin'ny toerana iray ny isan'ireo mpiadina horaisina. Izay no lalàna misy amin'izao fotoana izao, ka tsy afaka ny hanao zavatra mifanohitra amin'ny lalàna ny Minisitera.

#### **- 7 Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy**

Mikasika ny resaka ady tany izay tranga matetika hita amin'izao fotoana izao, eny amin'ny fitsarana; maro ny lalàna nentina hiarovana ny tanin'ny Malagasy, ka hikaroka vahaolana miaraka isika.

Voaray ireo fangatahana nataonareo Solombavambahoaka mikasika ny "transfert à l'Etat". Tsotra ny lalana tokony harahina rehefa hanao izany; ny Distrika no mandefa ny fangatahana any amin'ny Minisiteran'ny Fananan-tany. Jerena ny antontan-taratasy avy eo. Raha toa misy "litige" mikasika ny tany anaovana "transfert à l'Etat", tsy maintsy miandry ny didim-pitsarana mivoaka izay vao afaka manao azy indray.

Mikasika ny fomba hiadiana ny kolikoly eo amin'ny fananan-tany, ezahana tsy hijanona hihoatra ny 3 taona amin'ny toerana iray ny tomponandraikitra ao amin'ny fananan-tany mba hialana amin'izany. Vonona handray fepetra izahay raha misy tsy manara-dalàna ny mpiasa ao amin'ny Minisitera sahaninay satria tsy misy olona ambonin'ny lalàna izany eto amintsika.

Momba ny resaka lalana; ekena fa maro tokoa ny lalana simba eto amintsika ankehitriny; indrindra fa ny lalam-pirenena. Mino izahay fa efa voarainareo Solombavambahoaka ny boky mikasika ny fampiasam-bola rehetra tamin'ny taona 2020; eo anatrehan'izay, ezahana hampiasaina avokoa ny famatsiam-bola azo amin'izao fotoana izao mba hikarakarana ireo lalana ireo.

Raha manao fanamarihana isika, tsy ampy hanamboarana ny lalana misy eto Madagasikara anefa ny volantsika, ka izay no antony tsy maintsy liana famatsiam-bola avy any ivelany. Ny famatsiam-bola anefa tsy azo raha tsy manana programan'asa mazava isika. Noho io programa mazava nataontsika io no nahazoantsika ireo famatsiam-bola farany ireo.

Amin'ny alalan'izay no hanarenana ny lalam-pirenena araka ny efa voalaza teo ary manaraka ny fanontaniana napetrakareo koa izany.

Raha ireo famatsiam-bola ireo no jerena, efa manomboka ny asa amin'izao fotoana izao; ohatra, ny RN6 mampitohy an'Antsiranana sy Ambanja. Vita sonia omaly ny taratasy fifanarahana amin'ny orinasa hanatanteraka ny asa fanamboaran-dalana.

Mikasika ny lalam-pirenena hafa, hojerena avokoa izay lalam-pirenena simba, ka hasiana fanarenana na fanamboarana. Efa misy tetibola manokana ho an'ny RN4, RN6, RN7 koa amin'izao fotoana izao ary hanomboka tsy ho ela intsony ny asa. Tahak'izay ny lalam-pirenena hafa, araka ny laharam-pahamehana volaza tamin'ny fifanarahana tamin'ny mpamatsy vola.

#### **- 8 Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena**

Nanamarika, Ramatoa Minisitra, fa maro ny fanontaniana nitovitovy napetraky ny Solombavambahoaka, ka hatambatra ny famaliana azy.

Mikasika ny «subvention» homena ny mpampianatra, efa eo ampikarakarana izany ny teknisiana. Mitentina 902 000 000 Ariary ny «engagement» natao hanatanterahana ny fanomezana izany.

Ho an'ny Faritra Matsiatra Ambony manokana ohatra, efa nahatratra 99,12% no nahazo izany ny mpampianatra.

Mikasika ny «recrutement» kosa, efa nampanantena ny Filoha Andry RAJOELINA fa hampiakarina ny isan'ireo mpampianatra FRAM horaisina ho mpiasam-panjakana amin'ny taona 2022.

Noho ny fitarainana natao'ny mpampianatra tamin'ny tsy fitoviana momba isan'ny noraisina tany amin'ny Distrika dia nakarina ho 10% no horaisina ho mpiasam-panjakana isaky ny CISCO amin'izao andiany manaraka izao.

Mikasika ny mpampianatra FRAM 45 taona noho miakatra, misy «quota» nojerena momba azy ireo, ka hampahafatarina azy ireny ny mikasika izany amin'ny fotoana mahamety azy.

Momba ny tsy fahampian'ny dabilio any an-tsekoly izay tokony hianaran'ny mpianatra; hisy fitsinjarana dabilio hotanterahan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, ka hatao 500 isa isaky ny Distrika na CISCO ny fanomezana izany.

Mikasika ny «cantine scolaire» hoe misy fangalaram-bola. Efa napetraka ny lamin'asa vaovao ary tapaka fa ny Raiamandrenin'ny mpianatra no hitantana azy, fa tsy ny mpampianatra intsony mba hilana amin'izay fanodikondinana izay. Tsy ijerena tavan'olona ny fampiharana ny lalàna, fa izay tratra nanao izany dia niharan'ny lalàna avokoa.

Momba an'izay hatrany, ireo toerana ianjadian'ny kere sy ny ankizy tratran'ny tsy fanjarian-tsakafo no tsy maintsy mahazo «cantine scolaire». Miisa 464 000 ny mpianatra any amin'ny EPP no misitraka izany amin'izao fotoana izao.

Raha ny habetsahan'ny mpianatra manerana ny nosy sahanin'ny Minisitara, tsy vitany irery ny fiandraiketana azy ireo, fa mila fiaraha-miasa sy tolo-tànana avy amin'ny Fikambanana samihafa eto an-toerana ary ireo Fikambanana Iraisam-pirenena sy ONGs avy any ivelany ihany koa.

Isaorana manokana eto Ramatoa vadin'Adriamatoa Filohampirenena, fa maro ny sekoly tany amin'ny Faritra Atsimo no nisitraka “cantine scolaire” noho ny fanampiana nataony.

Momba an'Amparafaravola hoe tsy manana "Chef CISCO", hojerena manokana ny mikasika izay, fa aza matahotra ianareo any an-toerana.

Mikasika ny fanomezana "subvention" ho an'ireo mpampianatra FRAM, marihina fa manodidina ny 70% ny «taux d'engagement» izay hivoaka tsy ho ela. Anisan'ny ezaka efa ataon'ny Minisitera mihitsy ny fijerena ireo mpampianatra ireo.

Voalaza teo koa ny tsy fahampian'ny «centre d'examen d'EPS», efa eo ampikarakarana momba ny «recrutement» miisa 100 izahay amin'izao fotoana izao, fa ny tsy fahampian'ny mpampianatra EPS no antony nahatonga izany. Hojerena ny mikasika izay ary hezahana ny hisiany amin'ity taom-pianarana ity.

Voaray avokoa ny zavatra nangatahinareo, ka hovaliana an-taratasy raha mety aminareo Solombavambahoaka satria saika nitovy, ka izay no antony nanaovana azy tamin'ny ankapobeny.

### **- 9 Minisiteran'ny Fampianarana Teknika sy Fampiofanana Arak'asa**

Saika nitovitovy tamin'ny an'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ihany ny an'ny Departemanta misy anay, ka hatambatra ny famaliana azy raha mety amintsika Solombavambahoaka; hatao an-tsoratra koa ny valiny sasany, ao ihany ny sosokevitra natolotrareo.

Nisongadina teo ny tsy fahampian'ny fitaovana; mba hampiroboroana ny fampianarana teknika sy arak'asa dia hiezaka izahay hamatsy ny fitaovana rehetra ilaina momba ny fianarana ataon'ny mpianatra amin'ireo toerana efa misy fampianarana teknika sy fiofanana arak'asa eto amintsika.

Mikasika ny tsy fahampian'ny trano fampiofanana, efa mandinika ny hanamborana azy ireo izahay amin'izao fotoana izao. Ny zavatra azo lazaina, miankina amin'ny tetibola eo ampelan-tànana koa no ahafahana manatanteraka izany rehetra izany.

Hezahana ny hisian'ny fampiofanana avy hatrany na dia iaraha-mahita aza fa tsy misy ny trano hanatanterahana izany. Izany hoe, azo atao ny manao fampiharana aorian'ny fanomezana "cours" ny mpianatra, indrindra amin'ny lafiny fambolena.

Mikasika ny fanorenana, efa eo ampananganana fotodrafitrasa manara-penitra izahay amin'izao fotoana izao; iarahana amin'ny mpiara-miombon'antoka izany, ao koa ny sehatra hafa manampy antsika momba ny fanatontosana izany.

Ho an'Ambalavao, amintsika miteny izao, tsy misy jiro ny "Lycée Technique", ka ny 80%-n'ny tetibola dia natokana hanamboarana izany, mba hahafahan'ny mpianatra mianatra araka ny tokony ho izy.

Ho an'i Vavatenina indray, efa natao ny «réhabilitation» ny trano hanaovana fiofanana arak'asa, mba hananan'ny tanora asa avy hatrany rehefa mivoaka avy ao.

Mikasika an'i Bealanana, efa mandamina ny fomba hamatsiana fitaovana hoentina hanatanterahana ny fampiofanana izahay amin'izao fotoana izao.

Ho an'Isandra kosa, eo ampanaovana toeram-piofanana izahay ary efa misy «kit d'installation» hoentina hanatanterahana izany any an-toerana.

Momba an'i Miandrivazo, efa eo ampandinihana ny taranja azo antoka hampianarina mba hahafahan'ny tanora miasa avy hatrany rehefa vita fiofanana.

Any Beloha-Androy, tena laharam-pahamehana ho anay ny fisian'ny fampiofanana any an-toerana, ka miezaka izahay amin'izao fotoana izao hanatsara izany.

Ho an'Ambatofinandrahana kosa, hatomboka avy hatrany ny fampiofanana ny tanora, eny fa na mbola tsy misy aza ny trano hanaovana izany.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka vitsivitsy nanao satroka ka nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana izy ireo.

Nanamabara Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, fa lasa kabary tsy valiana ny fihaonana atao amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, ka ny Solombavambahoaka indray no lasa tsarina amin'ny asa ataony. Nomarihany, fa ny asan'ny Solombavambahoaka anefa dia manara-maso ny asa ataon'ny Governemanta.

Ramatoa VOHANGINIRINA Zafimandimby Marie Laurette, kosa nanambara fa trano fitehirizana vokatry no ao Isandra amin'izao fotoana izao, fa tsy lapa. Tranon'olona tsotra no any an-toerana, fa ny lapa teo aloha efa simba. Izay no trano azo ampiasaina an-toerana raha ny fampiofanana no tenenina.

Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle kosa nanambara, fa tsy mitovy ny faharetan'ny fandraisam-pitenenana nomena ny Solombavambahoaka sy ny Governemanta. Tsy voafetra ny faharetan'ny fandraisam-pitenenan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, ka manajary tsy lapan'ny demokrasia intsony ato amin'ny Antenimierampirenena.

Nanambara Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, fa tsy mitovy ny "traitement de faveur" omena ny Minisitry sy ny Solombavambahoaka. Omena vahana ny Governemanta amin'ny fandraisam-pitenenana, ka ny Solombavambahoaka indray no tsarain'ny Governemanta.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore kosa nilaza, fa nisy Minisitry tsy nanatrika fivoriana omaly kanefa tonga eto izy androany. Noho izany, mangataka ny hamaliany ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka omaly ny tenany satria nisy teknisiana miasa ao amin'ny Minisitry nandray izany fanontaniana izany an-tsoratra.

Taorian'izay, nitohy ny famalian'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, ny fanontanian'ny Solombavambahoaka.

### **- 10 Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka**

Nambararan'Andriamatoa Minisitry, fa efa manara-maso akaiky ny fivoaran'ny valan'aretina "variant delta" izay mitranga any ivelany mba tsy hidiran'izany eto amintsika ny Minisitry amin'izao fotoana izao.

Mikasika ny fananganana fotodrafitrasa takian'ny Solombavambahoaka, efa voaray antsoatra avokoa ny fangatahana momba izany, hoy Andriamatoa Minisitry.

Tsara homarihana fa tsy hadino akory ny fanambaoarana ireny fotodrafitrasa niato teny antenantenany ireny, fa efa misy lamina arahina. Mandeha "tranche" roa ny vola avoaka amin'ny fanatanterahana azy ireo, fa tsy tonga dia aloa mitambatra. Izay no antony nampiato azy, fa efa mijery ny hanohizana izany ny Minisitry.

Tsy tokony hatahotra ny vahoaka, fa efa hitohy tsy ho ela ireny tetikasa ireny. Efa vita sonia avokoa ny ankamaroan'ny famoahana ny "tranche" faharoa hamitana ny asa izay niato teo aloha.

Mikasika ny fampitaovana ny hopitaly, kidoro miisa 4000 no haparitaka any amin'izy ireny ary hapetraka isaky ny Faritra ny "compte matière", mba ahafahana manara-maso ny fitaovana amin'izay tsy ho very intsony ny fitaovam-panjakana ary tsarovy, fa volam-bahoaka no ividianana azy ireo, ka tsy tokony hatao antsirambina.

Momba ny fangatahan'ny Faritra Antsinanana "scanner", ho avy tsy ho ela izany, fa eo ampikarakarana azy amin'izao fotoana izao.

Tsapa koa fa mihavitsy ny isan'ny mpitsabo ankehitriny satria mandeha any amin'ny tsy miankina izy ireo rehefa mahavita ny fianarany. Efa misy fiara-miasa amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa ataon'ny Minisiteranay, mba hijerena vahaolana momba izany.

Momba ny fandraisana ny "bénévolat", hatomboka any amin'ny toerana tena lavitra sy tena mila izany aloha ny "recrutement" ho azy ireo.

Mikasika ny "2<sup>ème</sup> dose" amin'ny vakisiny fiarovana amin'ny valan'aretina "Covid-19", amin'ny volana Aogositra ho avy izao no ho tonga izany ary afaka misitraka izany avokoa ireo efa nanao azy teo aloha.

### **- 11 Minisiteran'ny Fiompiana sy ny Fambolena ary ny Jono**

Voaray avokoa ny fanontaniana sy ny fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka teo, hoy ny Minisitry, ka hisy hovaliana an-tsoatra ny sasany amin'izy ireo.

Mikasika ny havandra nanimba ny fambolena tao Moramanga, hanome fanampiana ny tantsaha niaran'ny fahavoazana ny Minisitry, afaka fotoana fohy dia ho azon'izy ireo izany.

Momba ny fangatahana "barrage", halefa tsikelikely ny fanaovana azy ireo, ka ny ao Vatovavy no efa hatomboka tsy ho ela.

Mikasika ny tondra-drano nitranga tao Ampasimbe, efa eo ampanombohana ny fanarenana io toerana io ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana amin'izao fotoana izao ary hisitraka fotodrafitrasa koa ny Faritra Alaotra aorian'izay.

Momba ny “périmètre irrigué» ao Antanambao Manampotsy, hotanterahina amin'ny fotoana mahamety azy ny fanaovana izany.

Mikasika ny ady atao amin'ny andiam-balala amin'izao fotoana izao, efa manao fanadihadiana any an-toerana sy mijery ny fomba hamonoana ny andiam-balala amin'ny alalan'ny angidimby ny Minisitera ankehitriny.

Tsy tokony hatahotra koa ny tantsaha, fa hanampy azy amin'ny resaka masomboly ny Minisitera. Efa mikarakara ny hanomezana izany isika amintsika miteny izao.

Momba ny “prime” nomen'ny Minisitera tamin'ny “concours rizicole”, tsy maintsy mandray izany izay olona nandresy tamin'ny fifaninana, ka tsy tokony hatahotra ihany koa izy ireo.

#### **- 12 Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoran'afo**

Marihana fa tsy tonga nanatrika ny fivoriana ny Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo

#### **- 13 Minisiteran'ny Harena Ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika**

Mikasika ny orinasa MAGRAMA tao Ambatofinandrahana, hoe tsy hita izay nanjavonany. Tena efa mijery paikady amin'ny hanarenana an'io orinasa mpitrandraka “marbre” io ny fitondrana amin'izao fotoana izao.

Efa misy tetikasa hatao hitrandrahana “marbre” ary efa ao koa ny bokin'andraikitra momba izany, fa miandry ny mpandraharaha vonona hampiasa ny volany any an-toerana sy hanaja ny bokin'andraikitra sisa isika.

Momba ny olana misy amin'ny QMM, “Police de Comité National” ihany no afaka manome vahaolana amin'io raharaha io aloha hatramin'izao.

Ny resaka olana amin'ny “carrière” fitrandrahana hoe misy olona manana fahazoan-dalana ary niara-niasa tamin'ny mponina izy ireo. Misy ady sy fifandirana miseho kanefa tsy fantatra izay fototry ny olana. Raha ny marina, tsy afaka manao fitrandrahana amin'ny toerana iray ny olona iray na dia manana fahazoan-dalana hanao fitrandrahana aza raha tsy mifampiresaka amin'ny tompon'ny toerana.

Rehefa vita ny fifampiresahana sy fifanarahana amin'ny roa tonta vao azo atomboka ny fitrandrahana. Izany hoe, fifampiresahana amin'ny roa tonta ihany no vahaolana mikasika ny zava-misy eny amin'ny “carrière”.

Mikasika ny vidin'ny vato sarobidy toy ny “béryl”, manao ny ezaka rehetra ny fitondrampanjakana mba hahafahana manondrana io karazam-bato io amin'ny vidiny mirary amin'izay mba mahazo “devise” tokony hifandrify amin'ny vidiny koa. Matetika misy olona mividy azy amin'ny vidiny mora izy ireny raha eny ifotony, lasa mihakely ny anjara-volan'ny olona tena mitrandraka, ka izay no mila arenina, mba tsy hisian'ny fanambakana sy ny disadisa mety hiseho.



**- 14 Minisiteran'ny Fitaterana, ny Fizahan-tany ary ny Famatarana ny Toetr'andro**

Momba ny olana ao amin'ny fadin-tseranan'i Soanierana-Ivongo, efa nanomboka tamin'ny taona 2019 ny fanamboarana azy saingy najanona satria "défaillant" ny orinasa tokony hanao azy. Efa miverina manao "évaluation" mikasika azy ny Minisitera amin'izao fotoana izao ary handefa tolo-barotra vaovao ihany koa amin'ny fanohizana ny asa. Amin'ity taona ity no hatomboka ny fanamboarana io "brise lame" io any an-toerana io.

Mikasika ny fananganana "gare routière" vaovao, araka ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka vitsivitsy teo, mila fiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina ny fanaovana izany satria araka ny fantatsika, tsy zakan'ny tetibolan'ny Minisitera irery ny fanatontosana azy.

Momba ny fadin-tseranana ao Manakara, efa any an-toerana ny Tale Jeneraly ao amin'ny APMF mijery izay tokony hatao satria hitombo ny olona hivezivezy amin'io toerana io rehefa vita ny asa atao ao aminy.

Efa azo ifamezivezena koa amin'iny lakandranon'i Pangalana iny amin'izao fotoana izao satria nahazo fitaovana ampiasaina amin'izany, toy ny lakana misy "moteur".

Raha ny zotran-dalamby, FCE, efa manomboka mandeha ny fiarandalamby mampitohy an'i Fianarantsoa-Manakara noho ny fahazoana lohamasinina avy tamin'ny Filohampirenena. Izany hoe, efa misy fitaterana ny vokatra eo anelanelan'ireo toerana roa ireo. Mitombo noho izany ny isan'ny olona afaka mampiakatra ny vokatra avy any amin'ny Faritra Atsinanan'i Fianarantsoa entina hamatsiana io Renivohi-paritany io. Etsy andanin'izay, mizotra aradala ihany koa ny fitaterana antanety mapitohy an'ireo toerana roa ireo na misy aza ny faharatsian'ny lalana indraindray.

**- 15 Minisiteran'ny Asa, ny Fananan'Asa ary ny Fitantanan-draharaham-panjakana sy ny Lalàna Sosialy**

Rehefa nandray fitenenana, Ramatoa Minisitry, nilaza fa fitsinjovana ny mpiasa any amin'ny orinasa tsy miankina no tena nisongadina tamin'iny taon-dasa iny ary azo lazaina fa voafehy ny valan'aretina tany amin'ny toeram-piasan'izy ireny

Nambarany koa fa efa manao ny ezaka rehetra amin'ny fampidirana ho mpiasa raikitra ireny mpampianatra ireny koa ny Minisitera sahaniny amin'izao fotoana izao.

Miezaka manatsara ny asam-panjakana koa ny Minisitera amin'izao, amin'ny alalan'ny "AUGURE" ary efa maro ireo mpiasa ECD no lasa ELD satria izay no tena fitarainan'izy ireo.

Momba ny fandraisana ireo mpampianatra FRAM efa be taona, 40 taona noho miakatra, maro izy ireo nampianatra nandritry ny taona maro ary misy amin'izy ireny no efa hisotro ronono mihitsy. Tsy tokony hanahy izy ireo, fa horaisin'ny Minisitera foana na dia efa 56 taona aza. Efa mijery ny momba azy ireo ny Minisitera ankehitriny.

**- 16 Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika**

Marihana fa tsy tonga nanatrika ny fivoriana ny Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika

**- 17 Minisiteran'ny Indostria sy ny Varotra ary ny Asa t nana**

Marihana fa tsy tonga nivory ny Minisitry ny Indostria sy ny Varotra ary ny Asa t nana

**- 18 Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra**

Rehefa nandray fitenenana, Ramatoa Minisitry, nanamarika fa 4 500ha no velaran-tany efa nambolena hazo hatramin'izao. Midika izany fa mandeha ny asa ary ny ady amin'ny dorotanety no ilofosan'ny Minisitry amin'izao. Izany hoe, hampihenana izany araka izay azo atao. Mila fanentanana misimisy noho izany, indrindra ny mponina mipetraka amin'ireny faritra arovana ireny, mba tsy hanao an'izany intsony.

Momba ny olana amin'ny "brise lame" ao Manakara, natao hiarovana ny sisin-tany izy io kanefa lasa nanentsina ny fantsona tao an-toerana ny fasika avy aminy. Araka ny voalazan'ny Solombavambahoaka teo, najanona mihitsy ny asa noho izay antony izay.

Mikasika ny teny nataon'ny Solombavambahoaka RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, afaka manao "audit" ao amin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana izy, fa tsy marina ny hoe manome vahana ny foko hafa amin'ity Minisitry ity izahay. Raha tsy manana porofo momba izany kosa izy, mangataka azy ny tenako mba hanao fialan-tsiny imasom-bahoaka any amin'ny haino aman-jerim-panjakana.

Mikasika ny ady amin'ny afo, miaraka miady amin'ny afo isika. Noho izany, ilaina ny fifanampian'ny rehetra satria tombotsoa iombonana izany. Efa nidina tamin'ireny faritra arovana ireny koa ny Minisitry nijery ny fomba sy paikady rehetra entina hiarovana azy satria hatao "cause nationale" ny fiarovana ny ala eto Madagasikara.

**- 19 Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampivoarana Haitao Arakajy Mirindra**

Saika nitovitovy ny fanontanian'ny Solombavambahoaka ka hovaliana miaraka hoy Andriamatoa Minisitry raha nanomboka nandray fitenenana.

Momba ny any lakora, efa nanaiky ny Minisitry fa hatao maimaim-poana ny hametrahana «internet» any an-toerana ary azo atao tsara ny mampianatra ny ankizy mikasika izany na ora iray isaky ny herinandro ihany aza.

Mikasika ny «pyl ne», efa mandinika izany izahay ary efa eo andalam-panatsara ho an'ireo toerana efa misy izany. Efa mijery ihany koa ny toerana mbola tsy manana azy kanefa mila izany.

Ho an'i Sonierana-Ivongo, efa nampanantena izahay fa hametraka «smart village» any amin'io Distrika io. Efa misy tetikasa hanatanterahana izany ary efa eo ampanombohana ny asa izahay amin'izao fotoana izao.

Ho an'i Mitsinjo, mikasika ny «pylône», efa niresaka tamin'ny «opérateur» izahay amin'ny «plan de développement» hatao any aminareo mba ahafahana manatanteraka ny asa haingana araka izay azo atao.

Mikasika ny «wifi» kosa, tsy ny «Chef Lieu de Commune» no hahazo «hotspot wifi», fa ny «Chef Lieu de District» satria izay aloha no mampety ny toebolan'ny Minisitara.

**- 20 Minisiteran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy**

Ho an'i Sonierana-Ivongo manokana, hatao amin'ity taona ity ny «centre» ho an'ireo zokiolina satria tsapa fa sahirana izy ireo.

Efa eo amperin'asa koa ny fanatsarana ny ivelan'ny «bâtiment administratif» any an-toerana amin'izao fotoana izao

Ho an'Antanambao Manampotsy kosa, hatsangana tsy ho ela ny «bâtiment administratif» izay nangatahanareo. Eo andalam-panatanterahana azy izahay amin'izao fotoana izao.

Raha momba ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny FID kosa, miara-miasa tokoa izahay ary miisa 45 550 ny olona no nankasitraka ny tetikasa nataony tany atsimon'ny nosy. Azo lazaina fa mbola hitombo izany satria mitohy hatrany ny fiaraha-miasa aminy.

Rehefa vita ny fotodrafitrasa namboarina dia hisy fampiofanana ny vehivavy mba ahafahany mahaleotena amin'ny fiainana andavan'andro. Izany hoe, mba tsy hiankin-doha amin'ny vadiny izy ireo, fa hisy zavatra mivaingana azony anampiany ny ao an-tokantrano.

Misaotra ny Solombavambahoaka voafidy tany amin'ny Faritra Atsimo, satria ny ankabeazany dia nankasitraka ny asa vita natao tany an-toerana, toy fanampiana ireo olona tratan'ny kere, ireo olona narary ka sitrana soa aman-tsara rehefa nahazo fitsaboana. Irariana hitohy ny fiaraha-miasa amin'ny malala-tànana, amin'izay mba hiaina tahaka ny rehetra ny mponina any amin'iny Faritra iny.

Nahazo fanampiana avy tamin'ny «Banque Modiale» koa isika hamahana ny olana sy ny hanaovana asa sosialy, ka “8 000 Dollars” no tetibola natokana hamahana ny olana momba tsy fahampian-tsakafo any amin'ny faritra Atsimo.

**- 21 Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena**

Marihana fa tsy tonga nivory ny Ministry ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena

**- 22 Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina**

Nanamarika, Ramatoa Minisitara, fa hozarainy roa ny fandraisam-pitenenana hataony; izay no voalohan-teny nambarany.

Voalohany, mikasika ny Departemantan'ny serasera. Faharoa, mikasika ny Governemanta manontolo, amin'ny maha mpitondra tenin'ny Governemanta azy.

Mikasika ny Departemantan'ny Serasera, voaray avokoa ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka teo.

Momba ny fanamboarana ny tranon'ny Mpanjaka araka ny kolotsaina sambatra, aleo aloha hilamina ny tsy fitovian-kevitra amin'ireo Ampanjaka vao miroso amin'ny fanamboarana azy ny Minisitara.

Momba ny “musée Andrianaivalona”, misy ny atao hoe “exigence patrimoniale”, ka tsy maintsy tazonina amin'ny endriny hatramin'izay aloha ny trano. Izay ny antony tsy nanaovana azy “carreaux” sy namefena ny manodidina azy.

Faharoa, amin'ny maha mpitondra tenin'ny Governemanta ny tenako; mikasika ny satan'ny mpanohitra eto Madagasikara, ny fanapahana laharana faha-008-HCC/D3 no milaza fa misy ny “opposition parlementaire et opposition extra-parlementaire” eto amintsika ary mitovy ny fahefana ananan'izy roa ireo raha io fanapahana io ny jerena.

Mikasika ny hoe: tsy afaka miteny amin'ny haino aman-jerim-panjakana ny antoko mpanohitra, tsy marina izany. Afaka miteny ao amin'ny TVM sy RNM ny mpanohitra saingy raha vaovao tsy marina sy miteraka korontana no holazaina ao dia tsy azo ekena izany. Izay matetika no mitarika olana eto amintsika.

Momba ny resaka vaksiny, tsy nanohitra ny vaksiny ny mpitondra fa nitandrina kosa. Rehefa hita fa tsy maintsy miroso amin'izany isika noho ny toe-draharaha nisy teto amin'ny firenena dia naka ny hevitr'ireo manam-pahaizana tao amin'ny “Academie Nationale de Médecine” ny fitondram-panjakana, izay vao nanafatra iny vaksiny tonga teo Madagasikara iny na dia tsy sitrapony aza izany.

Izay no antony nilazana tamin'ny vahoaka, fa tsy terena velively ny fanaovana azy. Nalalaka ny safidy ary nanan-jo tsy hanao izany ny olona izay mbola tsy vonona hatramin'izao.

### **- 23 Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarimariam-pirenena**

Rehefa nandray fitenenana, Andriamatoa RAVALOMANANA Richard, nilaza fa nisy nitovitovy ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo ka hatambatra ny valiny ary ezahina hovaliana avokoa ny fanontaniana niantefa taminy.

Mikasika ny fangatahana “poste avancé”, “brigade”, ireo ihany no raisin'ny SEG ny momba azy. Izany hoe, olon-tsotra na vondron'olona ifotony no manamboatra ny fotodrafitrasa na ny trano hisy ny “poste avancé”, fa anjaran'ny SEG indray no mandefa Zandary hiasa any antoerana aorian'izay.

Nambarany fa voaray avokoa ny fangatahan'ny Solombavambahoaka teo, kanefa miankina amin'ny tetibola ihany no ahafahana manatanteraka ny fangatahana rehetra natao.

Marina koa fa tsy ampy ny isan'ny Zandary amin'izao fotoana izao saingy efa miara-miasa amin'ny Tafika sy ny Polisy ny Zandary ary nozaraina ny “zone d'occupation” ny asa mba hisian'ny filaminana eo amin'ny vahoaka.

Mikasika ny fampitaovana ny Zandary, misy “motos” miisa 900 hozaraina amin'ny toerana efa natokana ho amin'izany mba hanamora ny asan'ny Zandary.

Isaorana koa ny Solombavambahoaka sy ny olon-tsotra manampy ny Zandary miasa any antany lavitra any satria zava-dehibe tokoa ny fanampiana nataonareo mba hiverenan'ny filamainana amin'ireny toerana ireny.

Momba ny ady amin'ny tsy fandriam-pahalemana, homena 10 Tapitrisa Ariary isam-bolana ny Zandarimaria mba ho “prime de bravour” amin'ny fanatanterahany ny asany satria sarotra ny ady atao amin'ny asan-dahalo. Tarigetran'ny Zandarimaria rahateo ny hoe: “la peur doit changer de camp”. Izany hoe, tokony ho ny jiolahy no hatahotra, fa tsy ny vahoaka intsony, raha ny asan-jioloahy no asiana teny.

Isaorana anareo Solombavambahoaka izay nanao tsikera satria azo entina any amin'ny sekolin'ny Zandarimaria ireny mba hanatsarana ny fomba fiasan'ny Zandary, indrindra rehefa vita ny fiofanany; fanampin'izay, entina mampivoatra avy hatrany koa ny tsikera natao.

Momba ny hoe mankahala Solombavambahoaka mpanohatra ny SEG; ambaranay etoana fa tsy marina izay. Porofon'izany, nomen'ny Zandarmaria mari-pankasitrahana ny Solombavambahoaka RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges, ao amin'ny antoko TIM, satria nanome fanampiana izy ary miara-miasa aminy koa izahay. Tsy ekena kosa ny fanambaniana atao amin'ireny zandary kely ireny satria mety tsy hahafehy tena ry zareo ka mety hanaonao foana, ka lasa ny lehibeny indray no voasazy avy eo kanefa olona hafa no nandrangitra azy.

Mikasika ny trano mijoalajoala amboariko; tsy volako irery ny nanamboarana azy, fa nisy olona malala-tànana manampy ahy. Tsara ho fantatry ny rehetra koa, fa Tranom-pokonolona izy io taloha ary navadika ho EPP. Rehefa nanamboatra EPP vaovao anefa ny Kaominina, navadika ho “poste avancé” izy amin'izao. Afaka manamarina izany eny an-toerana isika Solombavambahoaka, raha te-hahalala ny marina.

#### **- 24 Ministeran'ny Rano sy ny Fanadiovana ary ny Fidiovana**

Maro ny fanontanian'ireo Solombavambahoaka no nitovitovy, ka hatao miaraka ny famaliana azy, hoy Ramatoa Minisitra, raha nandray fitenenana.

Fantatra fa maro ny mponina no mbola tsy manana izany rano fisotro madio izany. Ao koa ny tsy mahazo rano ary efa misy tetikasa atao mba hoentina hamahana izany olana momba ny rano fisotro madio izany amin'izao fotoana izao.

Momba ny any lakora, efa vita ny «appel d'offres» hanatanterahana ny tetikasa hatao mba hahafahana mamatsy rano any an-toerana.

Ny any Fenoarivobe kosa, efa misy ny fitaovana tonga any an-toerana, eo ampanatanteraha ny asa izahay ankehitriny, ka aorian'izay, afaka misitraka rano fisotro madio ny mponina any.

Ho an'i Manakara, efa nisitraka rano madio izy ireo, fa mikasika ireo Fokontany vitsivitsy izay mbola tsy manana izany kosa, efa eo ampandinihana ny mikasika izany ny Minisitara amin'izao fotoana izao.

Mikasika an'i Mahajanga, efa nisy fepetra noraisina, ka «citerne» no hoentina hamatsiana rano amin'ireo toerana avo. Vahaolana maharitra anefa ny fitarihana rano avy any Mahavelona ary efa eo ampandinihana ny tetikasa izahay ankehitriny.

Ho an'i Kandreho, mbola tsy manomboka ny asa kanefa efa nisy fankatoavana azy ary hatomboka tsy ho ela izany.

Momba ny fanaovana maloto eny ankalamanjana, hiezaka izahay hanentana ny olona hiadiana amin'izany mba hahafahana misotro rano madio. Efa misy koa tetikasa hahafahana mamatsy rano fisotro madio, ka rehefa madeha izany dia iaraha-mahita eo ny vokatsa azo avy aminy.

Ho an'i Bealalana, tafiditra amin'ity taona 2021 ity ianareo. Mbola tsy vita ny famatsian-drano, fa miandry «arbitrage» isika dia hatao ny asa momba izany.

Mikasika ny eto Antananarivo kosa, tsy ampy ny famatsian-drano hatramin'izao. Maro ny toerana no milahatra rano vao mangiran-dratsy; ny rano vokarina anefa 200 000m<sup>3</sup> monja raha 300 000m<sup>3</sup> no ilaina. Efa mandinika vahaolana maharitra hamahana izany izahay amin'izao fotoana izao, ka mila faharetana kely.

Momba ny toerana avo kosa, misy tetikasa toy ny fametrahana «citerne» amin'ireny toerana ireny hamatsiana rano azy ireo, mba hialana amin'ny filaharana kanefa mety tsy hahazo rano akory, hany ka lany fotoana fotsiny. Rehefa misy ireo «citerne» ireo, azo lazaina fa voavaha amin'ny ampahany ny olana.

Raha mikasika an'i Mandrozeza, hisy fanokafana «unité de traitement» ao Mandrozeza II izay ahafahana mamokatra rano 40 000m<sup>3</sup>, fa amin'izao fotoana izao aloha, mbola 10 000m<sup>3</sup> ihany azo satria eo andalam-panamboarana isika.

Momba ny «Water Free» indray, efa misy tetikasa vaovao hoentina hanampiana izany amin'izay mba hitombo ny fatran'ny rano azo. Miisa 350 ny «forage» ezahana hatao ary miisa 195 no vita saingy somary nisy fijanonana amin'izao fotoana izao. Marihana fa ireo «citerne» mamamatsy rano ireo dia an'io orinasa io koa.

Misy ny «atelier de forage» hatao ary efa mandamina izany isika satria ao anaty fandaharan'asan'ny Filohampirenena izany. Namaly ny fangatahana ny «Banque Mondiale», ka nahazo «citerne» miisa dimy isika ankehitriny.

Raha ho an'Ambatofinandrahana manokana, nisy hetsika natao tany an-toerana, ka hanomboka tsy ho ela ny asa. Marihana fa ezaka atao amin'izao fotoana izao koa ny fiarovana ny loharano sy ny sahandriaka mba tsy hahaverivery foana ny rano tokony hampiasaina satria ny rano no fototry ny aina.

#### **- 25 Minisitra Lefitra miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana**

Nanambara ny Andriamatoa Minisitra, teo ampanombohana ny teniny, fa tokony hanao «identification foncière» isika amin'ity resaka «nouvelle ville» ity, indrindra ny Solombavambahoaka satria izay matetika no mitarika ny olana momba ny fanorenana tanàna vaovao.

Mikasika ny fanorenana tanàna vaovao hatrany, mila jerena akaiky ny tetibola atokana ho an'izany satria miankina amin'izay no ahafahana manatanteraka ny asa tokony hatao.

Taorian'ny famaliana ny fanontanian'ny Solombavambahoaka, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Vondrona Parlemantera, ka toy izao izany.

Andriamatoa DARKHAOUI Siritis, avy amin'ny Vondrona Palemantera GPR  
Fisaorana ny Governemanta tamin'ny asa vitany no nataony raha nandray fitenenana. Nangataka ny hijerena manokana ny RN7 ihany koa ny tenany satria simba io lalam-pirenena io amin'izao fotoana izao.

Nomarihany koa fa fitaovana azo ampiasaina amin'ny ady atao amin'ny tsy fandriampahalemana ny Sefo Fokontany, ka tokony hojerena manokana ny momba azy ireny, toy ny fanomezana amin'ny fotoana ara-dalàna ny tambin-karany, ny fampiakarana izany ihany koa, ny fifidianana azy ireo satria tokony ho izay olona mamy hoditra amin'ny mponina no hitantanana ny Fokontany, fa tsy olona tendrena.

Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antonny José, Filohan'ny Vondrona Palemantera TIM kosa raha nandray fitenenana dia nanontany an-dRamatoa Filoha, raha azo omena ny mpikambana hafa ao amin'ny antoko TIM ny fitenenana raha toa tsy lany ny fe-potoana itenenany.

Namaly Ramatoa Filoha, fa azo omena ny mpikambana hafa ao amin'ny antokony ny fitenenana raha izay no mitranga.

Rehefa izany, nanambara Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antonny José, fa manjary raisin'ny mpitondra ho toy ny fahavalo ny antoko mpanohitra, indrindra ny antoko TIM amin'izao fotoana izao ary ataon'izy ireo tsinontsinona mihitsy.

Nambarany koa fa ny lalàna laharana faha-2013-001 no nametraka ny sata mifehy ny "Chef d'Etat" ka tokony hajaina izany.

Nangataka ny handraisana ny teny fanitsiana naroson'ny antoko mpanohitra ihany koa ny tenany satria mahaso ny firenena izany raha ny zava-misy eto amintsika no jerena, fa tsy tokony ho tsinotsinoavina fotsiny. Tombotsoam-pirenena no jerena fa tsy tombotsoa ho an'ny antoko na ho an'olom-bitsy, ka zara aza misy mitsikera mba hahatsara zavatra.

Talohan'ny nanolorany fitenenana ny namany tao amin'ny antoko TIM, nanontany momba ny raharaha volamena 73,5kg nisy nanondrana antsokosoko tany Afrika Atsimo ny tenany, hoe aiza ho aiza ny mikasika an'iny toe-javatra iny fa toa lasa tsy heno intsony hatramin'izao.

Taorian'izay, nanohy ny fandraisam-pitenenana, Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, ka nanontany ny antony mampivangongo ny fahefana rehetra any amin'ny Filohampirenena, hany ka lasa takona Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, kanefa izy no tomponandraikitra voalohany amin'ny fitantanana-daraharaha eto amin'ny firenena.

Nanontaniany koa ny antony tsy nampisy “Conférence budgétaire” tamin’ity «Loi de Finances Rectificative pour 2021» ity ny ny LFR izany.

Nomarihany koa fa tsy maintsy alefa any amin’ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola avokoa ny momba ny tetibola rehetra, kanefa nahoana no nampidinina ny tetibolan’ny Minisiteran’ny Mponina sy ny Minisiteran’ny Fahasalamam-bahoaka. Raha ny marina, ireo Minisitera roa ireo no tena miasa amin’ny ady atao amin’ny valan’aretina “Covid-19” izay misy maneran-tany sy eto amintsika ihany koa. Nanontaniany koa hoe, tena manampy ny vahoaka tokoa ve ny Governemanta raha izao zava-misy izao sy ny fampidinana ny tetibola ho an’ireo Minisitera roa ireo no jerena.

Ahoana hoy izy ny fanamboarana ireo lalam-pirenena izay tena simba. Rehefa tsy “promesse Présidentielle” ve dia tsy amboarina sa manao ahoana.

Nahoana no nampidinina koa ny tetibolan’ny Minisiteran’ny Varotra, hoy hatrany izy, kanefa ny vidim-piainana midangana, tsy takatry ny vahoaka intsony ny vidin’ny zavatra ilaina andavan’andro na ny vidin’ny PPN izany. Tsy mifanaraka amin’ny zava-misy eto amin’ny firenena ny LFR 2021 raha mijery amin’ny fomba tsy miangatra isika rehetra raha izao no izy.

Nomarihany koa fa tsy ataon’ny fitondram-panjakana mba ho arofanina azy ny fisian’ny antoko mpanohitra amin’ireo tsikera mahatsara zavatra entiny, fa lasa manohitra ny antoko mpanohitra indray izy ireo, kanefa tsy izay no tokony ho izy, fa arofanina ny antoko mpanohitra, indrindra any amin’ny tany mandala ny demokrasia.

Taorian’izay, ny Vondrona Parlemantera IRD, indray no nomena fitenenana, ka toy izao izany.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, Filohan’ny Vondrona Parlemantera IRD

Raha nandray fitenenana Andriamatoa Filohan’ny Vondrona Parlemantera IRD, nanambara fa mangarahara tokoa ny resaka fitantanana ny firenena amin’izao fitondrana izao satria nanao ny tatitra momba ny fampiasam-bola rehetra nisy teto amintsika Andriamatoa Minisitry ny Fitantanam-bola. Midika izany, fa miova sy mihatsara ny politika ataon’ny fitondram-panjakana ankehitriny.

Nomarihany, fa manjaka tokoa ny demokrasia eto Madagasikara satria malalaka ny fanehoan-kevitra amin’ny haino aman-jery ary efa mipetraka rahateo ny sata mifehy ny mpanohitra.

Nambarany ihany koa fa efa miroso amin’ny fitsinjaram-pahefana tena izy ny mpitondra satria saika efa tafapetraka avokoa ny Governora rehetra mitantana ny Faritra eto amintsika ary efa naporitaka any amin’ny Faritra daholo ny fitaovana rehetra, toy ny “engin” sy ny tetibola entina hampandrosoana ny Faritra.

Eo amin’ny lafiny sosialy kosa, notsindriany fa manampy ny vahoaka ny fitondram-panjakana mba ahafahany miady amin’ny valan’aretina «Covid-19».

Nomarihany koa fa maro ny asa vita na dia teo aza ny krizy vokatry ny aretina “coronavirus”. Ohatra amin’izany, ny fahavitan’ireo EPP manara-penitra, ny fahavitan’ny Kianja Barea, sns...



Maro ny lalam-pirenena amin'izao fotoana izao no hasiam-panamboarana noho ny fahazoana famatsiam-bola avy any ivelany.

“Barrages” maro no nasiam-panamboarana ary nitombo ny velaran-tany voatondraka, hitombo ihany koa ny vokatry azo noho izay toe-javatra izay.

Talohan'ny namaranany ny teniny, nomarihany fa miasa mafy tokoa ny Governemanta; mahavelom-bolo ny Solombavambahoaka ny mahita izany ezaka izany, ka avelao aloha hiasa ny mpikambana ao aminy.

Fankasitrahana ny ezaka ataon'ny Governemanta amin'ny hampandrosoana ny firenena sy fankatelemana ny tetikasa hatao any amin'ny Faritra Atsimo no namaranany ny teniny satria iray ihany ny Malagasy, ka mendrika ny handroso koa iny toerana iny, fa tsy ho faralahy amin'ny resaka fampandrosoana.

Taorian'izay, ny Vondrona Parlemantera Tsy Miankina, indray no nomena fitenenana, ka Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, no nitondra teny ary toy izao izany: ny hamaliana antoratra ny fanontanian'ny Solombavambahoaka rehetra niteny no fangatahana nataony voalohany.

Nambarany fa hanompo firenena no nifidianana sy nanendrena ny mpitondra kanefa toa tsy izany no heno rehefa mamaly fanontanina ny Minisitry nifandimby niteny teo.

Vahoaka salama, ampy sakafo sy mampiana-janaka ary afaka mivezivezy eto amin'ny firenena no ilaina raha te-handroso isika.

Nampidinina anefa ny tetibolan'ny Minisitry an'ny Mponina, ka mety tsy ho ampy hanatanterahana ny asa tokony hataony ny vola natokana ho azy. Tokony hojerena ny momba izay satria anisan'ny Departemanta iankinan'ny aim-pirenena io Minisitry io.

Nangataka ny hanoloana ireo Minisitry tsy nahatanteraka ny asa nampandraiketina azy koa ny tenany, mba ahafahana manatontosa ny politika fanarenana ny firenena amin'izao krizy misy izao. Aleo ny mahasoava vao ny mahafinaritra no atao, fa raha tsy izany tsy hisy fampandrosoana vanona eto amintsika.

Fangatahana ny hijerena ny momba ny FIB na ny bokin'omby koa no namaranany ny teniny satria miteraka korontana amin'ny fivarotana sy fividianana omby ny mikasika izany.

Rehefa izany nandray fitenenana amin'ny maha Solombavambahoakan'Ambatofinandrahana azy, Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena, ka toy izao no nambarany.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitry sy ny mpikambana rehetra ao amin'ny Governemanta.

Mitodika amin'ny vahoakan'Ambatofinandrahana aho; naheno aho fa nisy “*évacuation sanitaire*” maika tokony hatao, nalefa any Antsirabe ny Ben'ny Tanànan'i Mandrosonoro, koa mivavaka sy mirary soa ho anao ny tenako mba hahazo fahasalamana tanteraka ianao.

Hozaraina telo ny anjara fitenenana, fa tsy hatao lava.

Voalohany, ny fisaorana; faharoa, fanontaniany ary ny fahatelo, fangatahana.

Manolotra fisaorana feno ho anareo, indrindra ianao Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta sy ireo mpikambana ao aminy. Singaniko manokana eto ary miompana any amin'ny Distrika izay nahalany ahy, Andriamatoa Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana. Misaotra indrindra tamin'ny nanorenana na dia mbola tsy nanomboka aza ny fananganana ny Tribonaly Ambaratonga Voalohany ao Ambatofinandrahana, saingy efa andalana amin'ny fanatanterahana azy ianareo amin'izao fotoana izao.

Minisitry ny Fitsarana aho tamin'ny fitondrana tetezamita, kanefa tsy nahavita, ka misaotra indrindra Tompoko.

Isaorana ihany koa Ramatoa Minisitry ny Fampianarana, fa efa misy EPP manara-penitra miisa roa anaovako tatitra aminao. Efa ny 80%-n'ny asa no vita amin'ny EPP ao Ikatelo sy Ambalamahatsara. Mino aho, fa ho vita atsy ho atsy izany.

Misaotra an-dRamatoa Minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany, fa nahazo "Directeur Régional" Amorin'i Mania ary mahavaha olana betsaka ny fananana azy.

Misaotra ny Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Minisitry ny Fiompiana ary ny Fambolena tamin'ny fanitarana ny "Lycée professionnelle" ao Ambatofinandrahana. Nihaino ny fangatahanay tokoa ianareo.

Misaotra an-dRamatoa Minisitry ny Mponina ihany koa, tamin'ny nijerenao an'Ambatofinandrahana satria tsy hadinonao ny naha Solombavambahoaka anao. Hisy "projet" hatomboka momba ny tranon'ny mponina koa any aminay, koa maneho fisaorana anao.

Misaotra ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena sy ny SEG, fa tena mandry fahalemana ao Ambatofinandrahana amin'izao fotoana izao.

Misaotra, Tompoko.

Ho an'ny Ministry ny Fahasalamana, misaotra amin'ny fitsinjovanareo akaiky anay, indrindra tamin'ny fampitaovana niatrehana ny ady tamin'ny valan'aretina "Covid-19" sy fanomezana CSBI tany andrefana.

Raha misy tsy voatonona ny anaranareo Minisitry, ialana tsiny, fa izay no nisarika ny saiko sy nanaovako tatitra matotra avy any ifotony.

Mitodika amin'ny Minisitry ny Varotra; aiza ho aiza ny mikasika ny ODOF na ny "One District, One Factory", satria tonga taminay ny fanontanina hoe: inona ny orinasa tokony hamboarina any aminay. Aiza ho aiza ny fampanantenana nataon'ny Filohampirenena tao Ambatofinandrahana mikasika ny MAGRAMA izay efa lasa vovoka.

Isaorana ny Minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany, efa vonona ny hitsidika any an-toerana, kanefa noho ny tsy fahafahana izay tsy ifanomezan-tsiny dia mbola tsy tonga tany. Mampahatsiahy anareo mikasika an'io fampanantenana nolazain'Andriamatoa Filohampirenena io izahay.

Ho an'ny Minisitry ny Asa Vaventy, fampanantenana nataon'ny Filohampirenena ihany koa hanamboarana ny RN35, ka ampitaiko aminao. Ny "projet de traitement des points noirs" aloha no tratra, ka aiza ho aiza ny momba izany, Andriamatoa Minisitry.

Ho an'ny Minisitry ny Rano, ahoana ny rano ao Ambatofinandrahana. Aiza ho aiza ny mikasika ny "barrage" hataonareo any ambanivohitra, toy ny "barrage" goavana ao Soavina.

Hiverina amin'ny Minisitry ny Fahasalamana aho. Nisy fampanantenana efa masaka amin'ny hanamboarana ny CSB ao Ambohitsaonjajina. Efa misy "projet" momba izany ihany koa ao Amborompotsy, ka manontany mikasika izany ny tenako.

Ho an'ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, efa herin-taona izahay no nangataka "camion benne"; aiza ho aiza ny mikasika izany sy ny fiara 4x4 ho an'ny Distrika.

Ho an'ny Minisiteran'ny Fanabezam-pirenena, naheno izahay fa misy fizarana dabilio ataonareo; mba omeo izahay ao Ambatofinandrahana satria tsy misy dabilio ipetrahan'ny mpianatra. Halefako any aminao ny isan'ny mpianatra any amin'ny CISCO, ka izy no hizara azy any amin'ireo sekoly misy any an-toerana.

Mbola mangataka EPP ihany koa izahay. Izay ataonareo dia mahafaly anay avokoa.

Mangataka "tablier" sy kiraro ho an'ny ankizy ihany koa satria hitanay fa nizara izany tany avaratra tany ianareo.

Mbola amafisiko ihany ny fangatahana "Lycée" sy CEG ao Amborompotsy satria ny tany hanorenana azy dia efa misy sy vonona.

Ao Itremo koa, misy tetezana tokony hamboarina, ka mangataka ny Minisitry ny Asa Vaventy mba hijery izany satria raha tapaka io tetezana io, ny fiarabe ihany no afaka mandeha ao anaty rano, fa raha tahaka anay dia tsy ho afaka mihitsy. Mangataka ny hanamboarana ny tetezana ao Amberezambary koa izahay satria raha tapaka io, ho tapaka tanteraka ny RN35.

Mangataka "chirurgien" koa izahay, fa ny dokotera tao aminay tsy tamana ka lasa nifindra toerana.

Misy CSBII miisa 9 any aminay, fa ny 2 amin'ireo ihany no misy dokotera, ka mangataka dokotera koa izahay. Ianareo ihany anefa no manao ny fandaminana mikasika izany, fa raha azo atao, tokony hahazo izahay.

Mangataka ny hampitomboana ny isan'ny mpitandrofilaminana izahay satria tsy ampy ny olombelona miasa any aminay. Dimy fotsiny no miasa any kanefa "brigade" no resahana. Mba omeo amin'ireo Zandary vao nivoaka ireo izahay raha mety.

Izay no votoatin'ny fangatahana ary efa manao ny adidy amin'ny maha Solombavambahoaka anay koa izahay.

Mba jereo, Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamana, ny "médecin inspecteur" vaovao any aminay fa mampalahelo. Mandeha "moto" izy indraindray, ka mba mangataka fiara ho azony ampiasaina raha misy. Raha fiara tsy "opérationnel", hifarimbona izahay hamboatra azy.

Mbola manolotra fisaorana ho anareo Minisitry ny tenako; mandainga izay milaza, fa tsy miasa ianareo. Hitanay ny asanareo ary izahay mahita ny mikasika ny "colloque" natao tany atsimo, ka miangavy anao hampita izany any amin'ny Filohampirenena, Andriamatoa Praiminisitry. Tsy afenina aminareo, fa tena nilendalenda izahay ary saika velom-pialonana ary matoky fa mba hahazo ny anjaranay ihany koa izahay. Mba vangivangio ny faritra misy anay, Tompoko, satria mahavelom-panantenana anay ny zavatra ataonareo.

Tohizo ny asa ataonareo.

Mankasitraka sy mankatelina, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa Ntsay Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, ka toy izao no nambarany:

Misaotra indrindra, Ramatoa Filoha, nanome fitenenana.

Niaritra nandritra ny 18 ora izahay, omaly ka hatramin'ny androany, ka raha ferana 15 minitra fotsiny no hamaliana azy, tsy maninona izany fa hajaiko, Ramatoa Filoha.

Misaotra anareo Antenimierampirenena ny Governemanta iray manontolo satria tao anatin'ny roa andro, 18 ora, no fotoana niarahantsika teto. Midika izany fa misy finjavana ao amintsika.

Marina fa maro tamin'ireo Minisitra tonga omaly no tsy tonga eto androany, fa izahay dia eto foana.

Ny zavatra noresahana nandritra ny 18 ora izay dia nametraka antsika fanontaniana iray lehibe izay milaza hoe: inona no ao ambadiky ny andininy faha-102 sy andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana. Tsotra ny valiny; miaina ao anatin'ny tany demokratika isika, izay ametrahantsika amin'ny toerana misy ny Andrimpanjakana rehetra eto amintsika. Izany Andrimpanjakana izany dia afaka ametrahanareo fanontaniana sy mitondra valiny mikasika izany, toy ny Governemanta izany.

Ny fanajantsika ireo andininy roa ao amin'ny Lalàmpanorenana ireo dia mitaky zavatra maro, indrindra ny fahaiza-mihaino. Raha niteny ianareo dia nihaino izahay. Rehefa miteny koa izahay na mitondra fanamarihana sy valin-teny dia iangaviana ihany koa ianareo mba hihaino; satria izay no soatoavina repoblikana sy ny soatoavintsika ary izany no demokrasia. Izay rehetra maneho ny heviny teo na dia nanafintohina anay aza dia noraisinay ampanetren-tena sy ampitiavana avokoa.

Raha nisy koa ny fanafintohinana avy taty aminay, ialanay tsiny sy ialanay fondro, fa miezaka izahay hanazava ny fomba fijerinay amin'ireo fanontaniana sy tsikera ary fanamarihana nataonareo.

Tsotra ny zavatra tianay ambara; manana finjavana ny hampianina ny demokrasia ny Governemanta. Raha ny tantaran'ity firenentsika ity no jerena dia rehahantsika izany, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ianareo Solombavambahoaka, na inona firehana anananareo dia nankasitraka na nanankiana, nitsikera ihany koa. Ataoko fa rariny izany satria mitondra ny feon'ny vahoaka izay soloinareo tena ianareo.

Zava-dehibe aminay ny mihaino sy miaritra noho ny fanajana ny tany repoblikana ary izany no mahatonga antsika amin'izao fotoana izao ho ao anatin'ny fifanajana tanteraka no anaovana ny fifandinihana sy fifanakalozan-kevitra misy eo amintsika. Zava-dehibe izany satria tarafin'ny vahoaka Malagasy eran'ny nosy izao zavatra ataontsika eto anivon'ny Antenimierampirenena izao. Rehahareo sy rehahantsika izany, koa hajaintsika lalandava ny soatoavina repoblikana.

Tsotra ny zavatra tiako ambara amin'ny lafin'ny politika. Ny Governemanta dia manatanteraka ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika. Amin'ny alalan'ny inona; amin'ny alalan'ny tetibolam-panjakana sy asa andavan'andro.

Izany no isaorako lalandava ny Solombavambahoaka amin'izay tolo-tànana omenareo anay izay, satria tsy misy zavatra azo tanterahina tokoa raha tsy mihaino anareo ny Mpanatanteraka ary miara-miasa aminareo izy amin'ny fanatontosana izany satria mifandray isika.

Ny Lalàmpanorenantsika dia mametraka mazava ny adidin'ny Filohan'ny Repoblika sy ny adidy aman'andraikitra ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta. Tsia Tompoko, tsy izaho NTSAY Christian izay ambarako eto no hiady amin'ny Filohampirenena, Andriamatoa Andry RAJOELINA. Natao daholo ny fomba rehetra nampiadiana anay mirahalaha, fa tsy hotanisaiko eto ny zavatra rehetra izay fantatro.

Izao kosa no teneniko aminareo, tsy mahasoana ny firenentsika raha ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra izay notendreny no hiady eo imasom-bahoaka na hisy fifanoherana amin'ny zavatra izay tapahin'ny Filohampirenena. Misy ny Filankevitry ny Governemanta ary ny tenako no mitarika izany isaky ny herinandro. Malalaka ny hevitra ao anatin'izany. Misy ihany koa ny Filankevitry ny Minisitry izay napetraky ny Lalàmpanorenana. Malalaka ny fanehoan-kevitra eo anivon'izany Filankevitry ny Minisitry izany. Koa aza hadinoina, fa ny tenako no mitarika ny "gouvernement de concensus" ary firehana maro no ao anatin'izany. Ny antony iresahako an'izany dia misy fifanajana ao anatin'izany fivoriana izany, fa tsy ataotao foana ny fandraisam-pitenenana, fa misy lamina mikasika azy.

Misy aminareo Solombavambahoaka amin'izao fotoana izao no miresaka sy mahalala ny fomba fiasan'izany Governemanta izany ary mahalala tsara ny fomba fahaizana maneho hevitra ao anatin'ny. Koa tsy azoko mihitsy hoe, ny tenako ve no hiady amin'ny Filohan'ny Repoblika; ka lazainareo hoe, ampisehoy ny maha izy anao. Ny fomba fifandraisako amin'ny Filohampirenena dia manaraka ny soatoavina repoblikana ary manaja ny Lalàmpanorenana, ka tsy izaho mihitsy no handeha hiady amin'ny Filohan'ny Repoblika.

Tsy fahalemena izany, Tompoko.

Ny asako dia fantatro ary voafaritry ao amin'ny andininy faha-65-n'ny Lalàmpanorenantsika izany. Novakiako matetika izany andininy izany ary mahalala ny tokony hatao mikasika izany ny tenako; fa izao kosa, isika mijery hatrany ny fitiavan-tanindrazana izay voalazanareo teo, koa aoka hajaintsika ny Filohampirenena. Tsy manome lesona anareo ny tenako.

Miala tsiny, miala fondro; nomen'ny vahoaka Malagasy fitokisana hitondra ny firenena izy ao anatin'ny dimy taona. Rariny raha manome ny heviny izy amin'ny fitondrany ny firenena.

Izahay rehetra izao dia olom-boatendry; azon'ny Filohan'ny Repoblika atao, raha tsy mety ny asanay, rahampitso ihany dia efa esoriny izahay. Tsy misy manery azy hanala Praiminisitra sy ny Minisitry mihitsy ary nasehony izany tao anatin'izay roa taona sy tapany izay. Efa indroa nanova Governemanta izy. Izany rehetra izany dia ataoko, fa zony satria izany no nisafidianan'ny vahoaka azy. Koa aleo tsy hisy an'izany Praiminisitra takona izany. Takona ve izaho hitanareo izao; takona ve izaho miresaka aminareo isan'andro vaky ireny.

Tsy izay tianareo hatao kosa no ataoko amin'ny fifandraisako amin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika izay nofidian'ny vahoaka Malagasy. Manaja ny Filohan'ny Repoblika ny tenako ary ao anatin'izany soatoavina repoblikana izany no ifandraisanay mirahalaha amin'izay anjara andraikitra voafaritry ny Lalàmpanorenana.

Ataoko fa mazava izay ary tsy tokony haverimberina intsony.

Nataoko izay "point d'ordre" izay satria Solombavambahoaka ianareo ary mitatitra any amin'ny vahoaka.

Mikasika ny fitsinjaram-pahefana. Rehefa tonga teto ny fitondram-panjakana izahay dia izao no noteneninareo taminay: ataovy ny lalana, ny sekoly, ny tobim-pahasalamana, ny fampidirana rano fisotro madio, ataovy ny fonja sy ny fitsarana ambaratonga voalohany, ataovy ny fotodrafitrasa mikasika ny fanatanjahantena sy ny kolotsaina. Gaga ihany ny tenako raha naheno ny Solombavambahoaka sasany niteny hoe: ajanony ireo fa tsy ilaina. Raha misy Solombavambahoaka miteny hoe ajanona daholo izy ireny na tsy ilaina izy ireny. langaviako izy hanoratra atỳ amiko hoe: ajanony daholo ny fotodrafitrasa satria fisehosehoana izy ireny, fa tsy ilain'ny vahoaka.

Izao no tiako ambara amintsika, tara ity firenentsika ity. Betsaka amintsika Solombavambahoaka no mankany andafy, mahita sy mitsiriritra ny zava-drehetra misy any, na ny firenena akaiky sy ireo nosy manodidina antsika fotsiny aza. Isika ve dia olona inona loatra, tsy mendrika ireny zavatra tsara sy manara-penitra ireny ve isika. Tsia, Tompoko.

Hanoratra ny tantaran'ity firenentsika isika ary ny Filohan'ny Repoblika aza, efa nanazava izany. Ny fitsinjaram-pahefana dia miainga amin'ny fanomezantsika anjara masoandro ireny Distrika tsy misy na inona na inona ireny hatramin'izay. Raha miteny isika hoe, tsy ilaina ny hopitaly any Vondrozo; tsy ilaina ny "base" any Morafenobe; tsy ilaina ny sekoly any Kandreho; tsy ilaina ny hopitaly any Ambatolampy. Ohatran'ny mahagaga ihany izany satria lazainareo fa fisehosehoana ireny kanefa tsy izany, fa zavatra tena ilain'ny vahoaka any ifotony ireny fotodrafitrasa ireny. Ahoana no ieritreretana fa ny olona marary ao Ambatolampy sy Manjakandriana dia tsy maintsy mandeha atỳ Antananarivo izay vao afaka mitsabo tena. Ny marary avy any Ambilobe, tsy maintsy mandeha any Antsiranana vao afaka mitsabo tena; ny olona any Bekily sy Beroroha, tsy maintsy mandeha any Toliara vao afaka mitsabo tena; ny ao Betroka tsy maintsy mandeha any Fort-Dauphin na mandeha any Fianarantsoa izay vao afaka mitsabo tena. Tsia, Tompoko, tsy azo ekena izany. Mendrika hahazo an'ireny hopitaly manara-penitra ireny ireo toerana ireo, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Raha tsy nahatsapa izany ny teo aloha, tsy mahamenatra izany satria ovaintsika ny tantaran'ity firenena ity satria soa ho an'ny firenena izany. Ny Kianjan'ny Barea dia tsy natao ho an'izao fitondrana izao fotsiny, fa ho an'ny firenentsika ary reharehantsika io.

Tsy fisehosehoana izany fa Malagasy isika ary manana ny hambom-pontsika. Mifotetaka amin'ny tany ny zanaka Malagasy rehefa mianatra, ka izany no antony anaovantsika izao fanovàna izao. Manana ny hambom-pontsika isika, ka ny zavatra hitantsika tany ivelany dia aoka ihany koa mba ho hitantsika eto Madagasikara. Raha mijery ny tanànan'Antananarivo, roa taona sy tapany izay no tsy nisy lalana vita teto Antananarivo. Jereo ny lalana avy ao Mahamasina miakatra an'Ankadilalana iny. Tsy ilain'ny vahoaka ve izany ireny. Manova isika, Tompoko ary isika Solombavambahoaka, na inona firehana misy antsika dia soa ho antsika izany.

Raha manome "camion benne" any amin'ny Distrika rehetra any isika, mbola ianareo ihany koa no nangataka "ambulance" amin'izao fotoana izao, ho an'ny vahoaka izany ary ilain'ny vahoaka avokoa. Raha ianareo no milaza fa tsy ilain'ny vahoaka izany, vahoaka aiza no tsy mila izany. Raha tsy nanao "stade" isika dia ahoana no hanaovantsika ny tanorantsika. Tononiko eto ihany ny tanora ao Ambohidratrimo, ny tanora any Sakaraha sy ny tanora any Sambava. Tsy mila "gymnase" ve izy ireo. Ianareo Solombavambahoaka ve sahy miteny an'izany. Havelantsika ve ny tanorantsika hivarilavo amin'ny resaka rongony.

Tsy hotezaintsika ao anatin'izany "maison des jeunes" izany sy hotezaintsika amin'ny alalan'ny kolotsaina ve izy ireo. Nametraka "maison de culture" manerana an'i Madagasikara isika satria mila an'izany ny tanora Malagasy. Mila an'izany ny vehivavy Malagasy manerana an'i Madagasikara. Izany rehetra izany dia tsy vita raha tsy misy fitantanana mahomby. Maninona ny fanontanin'ny sasany manao hoe: ny kandida no mandoa ny zavatra ohatran'izao sy ny vola alain'ny fitondrana Malagasy. Tsia, Tompoko.

Mahatratra 1 Miliara Dolara isan-taona; averiko indray mandeha, 1 Miliara Dolara isan-taona ny PIP.

Izao no fanontaniana mipetraka: taiza daholo no nampiasana izany vola izany hatramin'izay ary iza no nitantana an'izany hatramin'izay. Raha te-hanova isika dia amin'izao fotoana izao dia tsy ekentsika koa ny kolikoly ary hiezaka isika hiady amin'izany. Tsy ekentsika ny tandrevaka, indrindra ny fanodikondinam-bolam-panjakana. Misy fotoana tsy maintsy anitsiana an'izany rehetra izany satria misy Malagasy mandoa hetra ka mitaky fanatsarana, fangaraharana ary mitaky tamberin'andraikitra amin'izany fampiasam-bolam-panjakana izany. Amin'izay, mba tena hahitany tombotsoa, mba tena hisy fiverenany izany tamberin'andraikitra izany. Mandoa hetra izy ary nifidy ny Filohan'ny Repoblika, nifidy ny Ben'ny Tanàna sy ianareo Solombavambahoaka. Izany no ahafahantsika manao ireny tetikasa isan-karazany ireny. Tsy mana nilatsaka avy tany an-danitra izy ireny, fa volan'ny vahoaka Malagasy no tantanan'ny fanjakana. Rariny raha arahana hoe, mandeha aiza ny ariary anankiray satria hatramin'izay dia tsy nisy nipaka, tsy nisy izany "rigueur financière" izany tamin'ny fitantanana. Tsy azontsika ekena intsony izany amin'izao vanin'andro izao.

Matetika lazaina hoe ny Praiminisitra no misakana an'izao sy izao. Tsia, Tompoko. Anisan'ny mitaky an'izay fomba ahafahantsika mampiasa vola amin'ny tetikasa maro isankarazany izay aho. Tsy hanaiky ny tenako raha fantatro fa misy porofo ny fanodinkodinana ao anatin'io; tsy hiaraka hitsikombakomba amin'izany aho. Izany no fomba ametrahako ny soatoavina amin'ny fitantanam-bolam-panjakana. Izany no mahatonga antsika amin'izao fotoana izao afaka manao an'ireny asa maro notakianareo ireny. Volan'ny Malagasy izy ireny ary ny fahaizantsika mifandray amin'ireny mpiara-miombon'antoka ireny ihany koa, satria mahay an'izany isika, izay no mahatonga azy ireny manana fitokisana amintsika, ka nahatonga azy ireo ihany koa mi-"débloquent" vola isan'andro. Ohatra, vao omaly izy ireo no ni-"débloquent" vola mitentina "200 Millions de Dollars" ary nosoniavina omaly koa izany.

Ny antony, mba hanatsarana ny fikojakojana ny lalana ary mbola ho avy ihany koa ny hafa. Izany hoe, ny vola avy any ivelany dia hotantanantsika araka ny fomba efa napetraka mba hahatongavana amin'ny tanjona tiantsika hotratrarina. Ny volantsika koa tsy hoviraviraintsika mihitsy, fa hataontsika ho an'ny tombotsoa iombonana.

Ny zavatra tiako holazaina manaraka dia mikasika ny toekarena.

Misy firosoantsika amin'ny fomba iray mba ahafahantsika manome aina indray ny toekarena eto amintsika. Misy fiantraikany ny "Covid-19" na teto amintsika izany na maneran-tany, satria ireny fepetra maro noraisintsika ireny dia niantraika tamin'ny toekarena ihany koa.

Efa niteny ny Filohan'ny Repoblika, fa miditra amin'ny "Plan Marshall" isika. Inona no antsointsika hoe "Plan Marshall". Ao anatin'ny hamehana ara-pahasalamana dia misy ny fampiasam-bola avy amin'ny tsy miankina, fantatrareo tsara izany. Misy ny "incertitude" ka ny lalana sy ny toe-tsaina mipetraka dia hoe: ny fanjakana no mampiasa ny vola. Ny antony, rehefa mampiasa vola ny fanjakana dia mamorona asa. Ny fampiasam-bolam-panjakana dia manao an'ireny fotodrafitrasa ireny ary miteraka asa izany.

Ny orinasa Malagasy amin'ny sehatry ny fotodrafitrasa dia nahazo tsenam-baro-panjakana ihany koa. Mamelona mpiasa maro ireny orinasa ireny. Efa manao fanadihadiana isika amin'izao fotoana izao mba hampisehoantsika hoe firy tokoa ny asa voaforona tao anatin'izay "Plan Marshall" izay. Tsy vitan'izany fotsiny, fa betsaka ny asa ankolaka miaina ao anatin'izany famatsiam-bolam-panjakana izany. Izay no ao anatin'ny tetibolam-panjakana ary misy fiantraikany amin'ny toekarena izany satria mitarika "consommation" na efa fantatsika fa tsy maintsy hojerena akaiky koa ny vidim-piainana.

Ekeko ampitiavana ary indrindra ampanetren-tena, fa mbola misy ezaka ataon'ny fitondram-panjakana mikasika ny sodro-bidim-piainana. Raha tsy mahita an'izany izahay dia ataoko fa olona tsy tomponandraikitra. Mila fanitsiana izany ary ekeko ampanetren-tena, fa mbola maro ny zavatra tokony hahitsy na eo aza ny fiakaran'ny "fret international". Aza hadinoina fa ny 80%-n'ny zavatra ampiasaintsika eto Madagasikara dia afarantsika avy any ivelany avokoa. Rehefa miakatra ny "fret international", miakatra ihany koa ny vidin'entana eto amintsika. Eo antrehan'izay, hojerentsika ny fanamarinana ny sandam-bolantsika. Anisan'ny ezaka tsy maintsy anaovan'ny fitondram-panjakana dingana iray ary mba ahafahantsika tena hifehy ny vidim-piainana izany satria fantatra fa mamparary ny vahoaka, mamparary antsika ny mahita ny vidim-bary tsy voafehy, ny vidin'ny menaka, ny vidin'ny lafarina sy siramamy miakatra. Anaovantsika ezaka manokana ireo rehetra ireo mba ahafahantsika mifehy ny vidin'entana.

Manome toky anareo izahay, fa tsy azo avela fotsiny izao zava-misy izao, fa mila ezaka ary ampanetren-tena no andraisanay ny sosokevitra avy aminareo.

Ankoatran'izay, hijery manokana ny tontolo ambanivohitra isika. Matoa manao an'ireny fotodrafitrasa ireny dia mamorona asa, indrindra manatsara ny famokarana any ambanivohitra. Manao tohadrano, manao lakan-drano, manome zezika ary mitondra masomboly. Marina fa tsy ampy ny fandrindrana satria miankina amin'ny "période culturelle" izany rehetra izany, mbola misy ezaka tokony hataontsika raha izay no jzerena. Ny fijerena ny maro an'isa no mahatonga antsika mifototra bebe kokoa amin'izany asa fanamboarana na ny fanatsarana ny tontolo ambanivohitra koa. Izay rehetra izay dia mifanojo amin'ny eritreritsika amin'ny fahavitan-tena ara-tsakafo ary mbola hanohy ny ezaka ihany isika amin'izay tontolo ambanivohitra izay. Ny mpiara-miombon'antoka rahateo, irariantsika mba hanao ezaka mifanaraka amin'izay hetahetantsika izay.

Izany no mahatonga antsika amin'izao fotoana izao, mametraka ny fomba ahafahantsika manodina ireny akora misy any amin'ny Distrika rehetra any ireny. Tsy miteny intsony isika mikasika ny Faritra izay nolazaiko tao anatin'ny tatitra, tamin'ny telo herinandro lasa izay, fa Distrika miisa 30 no hezahantsika ho tratra, mba ahafahantsika manangana orinasa manodina ny akora sy mamorona asa ary mamelona ireny mpamokatra akora ireny. Ao anatin'izany ny tontolo ambanivohitra, izay fantatsika fa maro ny vokatra azo ahodina any amin'ny orinasa madinika sy salantsalany izay itondran'ny fitondram-panjakana ezaka manokana amin'ny "industrialisation" ary ao anatin'ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika koa izany.

Ny fahasalamana sy ny fampianarana dia anaovantsika ezaka manokana ihany koa. Tsotra ny ezaka ataontsika, Tompoko. Hatramin'izay, araka ny fanadihadiana natao, ny elanelana eo amin'ny toerana ipetrahan'ny zanaka Malagasy sy ny toerana andehanany any an-tsekoly dia 5km. Izany hoe, ny elanelana eo amin'ny toerana ipetrahan'ny sy ny toerana ianarany. Izay no zava-misy ary tsy ifanomezan-tsiny. Hanova tetika isika amin'izao fotoana izao.



Tsy manao “approche salle de classe” intsony isika, fa hanao “approche école”. Izany hoe, misy “carte” roa tsy maintsy hojerentsika. Ny “carte” voalohany dia ny “carte de résidence”-n’ny mpianatra hoe, aiza daholo ny mpianatra no mipetraka. Faharoa, ny “carte scolaire”. Izany hoe, aiza daholo ny toerana misy sekoly. Izay no antony ahafahantsika, amin’izao fotoana izao, mamaritra ny toerana ametrantsika sekoly manara-penitra, satria manana anjara amin’izany ihany koa ny any ambanivohitra. Raha tsy mifandray ny “carte de résidence” sy ny “carte scolaire” dia tsy hihena io elanelana 5km io. Izay no iangavianay anareo Solombavambahoaka mba hifanome-tànana amin’ireo tomponandraikitra mpanatanteraka, mba ahafahantsika manova izay fomba fisainana izay. Sarotra ny tsy hanome anjara masoandro ny vahoaka rehetra. Misy ny olona sasany miteny fa tsy ilaina izany. Anjarantsika ny mandinika satria ny fanaovana sekoly manara-penitra amin’ny toerana tsy misy sekoly dia zava-dehibe ho an’ny fitondram-panjakana. Mino aho, fa toy izany koa ianareo Solombavambahoaka maro an’isa ato amin’ny Antenimierampirenena. Tahaka izay koa ny fananganana CSB II sy ny fametrhana fandriam-pahalemana. Tena ilain’ny vahoaka izany satria raha tsy ilain’ny vahoaka, tsy niteny an’izany teto ianareo.

Izay no mahatonga anay, amin’izao fotoana izao, manao fanadihadiana sy mametraka ireny fotodrafitrasa fototra maro isankarazany ireny, mba ahafahantsika mamaly ny hetahetan’ny vahoaka izay soloinareo tena.

Izao fitondrana izao koa no nametraka ny LA2M tamin’ny volana Martsa 2021 lasa teo. Hatramin’izay, mbola tsy nisy “laboratoire” Malagasy teto Madagasikara. Reharehantsika izany satria tsy ny “Institut Pasteur de Madagascar” irery no “laboratoire de référence” eto amintsika, fa manana ny LA2M koa isika izao. Amin’izao fotoana izao, efa manana vina hampiditra milina ahafahana manao “séquençage” isika. Hatramin’izay, ny Institut Pasteur” no mandefa ny “séquençage” any ampitan-dranomasina. Izay no antony nanaovantsika ezaka momba azy io. Manana hambom-po isika ary reharehantsika eto Madagasikara ny mametraka izany ao amin’ny LA2M. Izay no ilazako aminareo hoe tsy vita mora izany raha tsy misy ny fitantanam-bola mazava ary ny Filohampirenena rahateo dia mijery amin’ny antsihiriany ireny zavatra rehetra ireny, mba ho tombotsoan’ny vahoaka Malagasy.

Mikasika ny lalana, efa voalazan’ny tomponandraikitra tato amin’ny Mpanatanteraka teo, fa manao lalana isika. Tsy mora ny manao ny lalana ary mitohy hatrany ny ezaka ataontsika. Voalaza teo ny RN6, efa vita sonia omaly ny fanamboarana ny RN13. Niteny koa isika fa hamboarina ny avy ao Ihosy hatrany Betroka izay mirefy 104km; ny RN10, miala avy ao Andranovory mankany Ampanihy, hatao ihany koa. Ny RN12, hotohizana hatrany Atsimo-Atsinanana. Ny RN9, hotohizantsika ihany koa. Hatao ny RN5A, izay efa nampanantenain’ny fitondram-panjakana. Amin’izao fotoana izao isika, efa manamboatra ny lalana Ambilobe-Vohemar. Reharehantsika izany ary hapetraka ho an’ny vahoaka Malagasy. Mitovy amin’izany koa ny RN5A, miainga ao Toamasina mankany Maroantsetra. Izany hoe, mandalo ao Fenoarivo Atsinanana, Sonierana-Ivongo ary Mananara Avaratra. Ezahana hovitaina avokoa ireny ary tsara ho fantatry ny rehetra, fa mbola maro ny fotodrafitrasa hatao momba ny lalana. Ny RN1Bis any amin’ny Faritra Melaky, mampifandray an’i Maintirano-Tsiroanomandidy; ny lalam-pirenena avy ao Mahanoro-Marolambo, hamboarina avokoa izany. Toy izay koa ny any Nosy Varika hatrany Mananjary. Ny lalana mankany Antsiranana-Ramena sy ny ao an-tampon-tanànan’Antsiranana, Fianarantsoa-Toliara, hataon’ny fitondram-panjakana ny ezaka hanamboarana azy. Izany hoe, hanaovantsika ezaka ny fanamboaran-dalana any amin’ny Faritra rehetra.

Mametraka “modernisation” eto Madagasikara ny Filohampirenena. Tsy tokony hataontsika ambanin-javatra izany satria ilain’ny firenentsika.

Ao anatin’ny lalan-tsaina napetraka ny fitantanana mahomby, ka tsy maintsy manana tamberinan’andraikitra amin’ny asa vitany ireo orinasa mpanamboatra lalana eto amintsika.

Mikasika ny “fonds routier” izay nampitaraina anareo; vola lavitrisa maro no kirakiraina ao anatin’io «fonds routier» io. Tsootra ny tiako ambara, miezaka isika rehetra mba hametraka fitantanana madio ary ataoko fa mila izany ity firenentsika ity. Izany no mahatonga antsika miditra ao anatin’ny “digitalisation” amin’izao fotoana izao. Ny “digitalisation” dia tsy maintsy irosoantsika. Fantatra fa betsaka ny tsy mahazaka ny firosoana amin’izany “digitalisation” izany, izay no nahatonga ny olana momba ny “bourse” ka mampitokona ny mpianatra. Rariny raha mitokona ny mpianatra satria zon’izy ireo izany. Manentana ny tomponandraikitra eny amin’ny Oniversite rehetra eto Madagasikara izahay; andao isika hanitsy ireny lisitra rehetra ireny satria diso ny lisitra mikasika ny vatsim-pianarana hatramin’izay. Diso ny lisitra mikasika ny volam-panjakana andoavana ny karaman’ny PAT. Tsy manana finiavana hampijaly mpianatra izany eto Madagasikara, fa tsootra ny tiantsika hatao. Raha 10Ariary ny vola tokony halefa any amin’ny Oniversite dia 10Ariary no alefa any. Amin’izay fotoana izay, afaka manao zavatra hafa amin’ny ambim-bola isika. Tsy hanohy ny tandrevaka tamin’ny fanodinkodinam-bolam-panjakana intsony isika.

Anisan’ny voalaza androany koa ny tetikasa goavana momba ny angovo.

Izao no ambara amintsika, ny Filohampirenena efa nametraka mazava tsara, fa tokony hampiakarina avo roa heny ny famokarana angovo eto Madagasikara. Raha “400 Megawatt” ny angovo novokarina teto Madagasikara taloha, tokony hampiakarina “800 Megawatt” izany na “1 200 Megawatt” mihitsy izany. Tsy manaiky tetikasa tsy hitondra tombotsoa ho an’ny vahoaka Malagasy intsony isika. Mila fantarina daholo hoe nankaiza ny vola nivoaka tamin’ny fanjakana. Izay no fanontaniana mipetraka voalohany. Izay no mahatonga antsika, amin’izao fotoana izao, tsy manaiky ny hanao sonia raha tsy fantatra mazava fa hahasoa ny firenena ny vola mivoaka. Any amin’ny firenena hafa, 5 dolara ny vidin’ny “kilowatt” ambony indrindra; 8 dolara anefa no tiany hivarotana ny herin’aratra eto amintsika. Maninona ny eto Madagasikara no misy an’izany.

Tsy hanaiky an’izany isika ary efa manara-maso an’izany ny Filohampirenena sy ny tenako. Rehefa tsy mahita tombotsoa ho an’ny vahoaka Malagasy izahay dia ajanona ny fifanarahana. Azonay natao ny nanao sonia an’io fifanarahana io saingy tsy natao izany noho ny fitsiniovana ny vahoaka Malagasy. Ataoko fa manana adidy amin’izany ny Filohampirenena. Manana tamberin’andraikitra amin’izany ny Filohampirenena ary adidiny ny miaro ny tombotsoan’ny vahoaka Malagasy. Tsy tokony hatao ambanin-javatra izany. Izay no mahatonga antsika miantso an’ireo “partenaire” izay vonona ny hiara-hiasa amintsika sy mitovy fomba fisainana amintsika. Izany hoe, samy mahazo tombony ny vahoaka Malagasy sy ireo “partenaire” ireo amin’ny fiaraha-miasa atao. Mahafantatra tsara izay mety hahasoa an’ity firenentsika ity ny Filohampirenena ary manatanteraka izany koa ny Governemanta.

Miala tsiny amintsika momba ny fanontaniana izay tsy voavaly na nisy zavatra nanafintohina antsika ny teny voalazako teo. Ataoko fa rariny raha entina eto amin’ity Lapampanjakana ity ny vaovao rehetra tokony ho fantatry ny vahoaka Malagasy mikasika ny hikorokorokana hatrany ireo rova ananantsika.

Tombotsoan'ny firenena ary tsy maintsy ametrahantsika fomba fisainana sy fomba amampanao repoblikana ny fanajana ny soatoavina Malagasy. Reharehan'ny Mpanatanteraka sy reharehan'ny vahoaka Malagasy, raha miakatra sy mihatsara ny fari-piainan'ny Malagasy.

Misaotra, Tompoko.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ary ny tomponandraikitra isan-tsokajiny tonga niara-nidinika sy niaraka nitafa tamin'ny Antenimierampirenena, Ramatoa Filoha.

Nambarany koa fa hiato 10 minitra, ny fivoriana mba ahafahana manomana ny lanonampamaranana izao fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021 izao.

Niato tamin'ny 8 ora, alina, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**